Inona Ny Fanahy Masina?

. . . saiky ho an'ny fivoriana iray. Ity fivoriana ity dia ho fivoriana iray hafa kely noho ny ananantsika mahazatra eto. Matetika, isaky ny tonga miaraka eto isika, izany dia fivoriana iray ho . . . ho an'ny fanasitranana ny marary sy ho an'ireo ilaina ara-batana. Izany no tsindrim-peo izay apetraka eo amin'izany. Fa izao hariva izao dia nanomboka an'ity fifohazana ity isika ho an'ny fanasitranana ny fanahy, ny—ny fanahin'ny olona.

Na izany aza, raha sitraky ny Tompo, amin'ny Alahady maraina, amin'ny sekoly Alahady, amin'ny Alahady maraina, dia hivavaka ho an'ny marary isika ary laharana iray mahazatra ho an'ny fanasitranana, ho an'ny Alahady maraina, raha sitraky ny Tompo. Ary ireo harivan'ny herinandro, dia voatery mafy isika hiresaka eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ho an'ny—ny fanahy.

2 Ankehitriny, dia fantatsika fa rehefa ny—ny vatana no sitrana, dia manao antsika rehetra ho faly izany, satria fantatsika fa izany no maneho mazava tsara hoe manasitrana ny marary ny Andriamanitsika. Fa io olona marary io, raha velona ela be izy ireo, dia harary indray angamba, amin'ilay aretina iray ihany izay nahasitrana azy ireo angamba, fa tsy manaisotra ny fanasitranana izany. Hanome fanafody ho an'ny aretin'avokavoka ny dokotera, ary roa andro aty aoriana angamba dia ho faty amin'ny aretin'avokavoka izy ireo taorian'ny nilazany fa salama izy ireo. Mipoitra indray ilay izy. Fa rehefa io fanahy io no sitrana, dia manana ianareo amin'izay fotoana izay, ao anatinareo, ny Fiainana Mandrakizay.

3 Ary mino aho fa tena akaikin'ny Fihavian'ny Tompo Jesosy isika, ka ny mety amintsika dia ny manao ny rehetra izay ahafahantsika mitondra arak'izay azo atao ny fanahy rehetra ho amin'ny Fanjakana, ary hitondra ny Fanjakana ho amin'ny olona, mba hahatonga antsika ho sitrana amin'ny fanahintsika. Mino aho fa ny vatan'i Jesosy no vatana marary indrindra izay fantatro; izany hoe, ilay—ilay vatana, vatana ara-panahin'i Kristy eto an-tany, dia tena marary.

4 Ary ankehitriny, tsy mikasa ny hihazona anareo ela loatra isan-kariva izahay, satria eo amin'ny hariva voalohany dia tsy manana efitra hametrahana an'ireo sakaiza malalanay izahay. Eo amin'ny fikasana hanorina fiangonana vaovao iray izahay, tabernakla goavana iray eto ambonin'ireto tany eto ireto mihitsy, na aiza na aiza hitarihan'ny Tompo; fa araka ny fantatray, dia eto.

5 Ary efa nilaza ny fivoriana izahay ankehitriny, ny Alarobia hatramin'ny Alahady. Fa amin'izay fotoana izay amin'ny Alahady, dia mifarana ao amin'ireo fialan-tsasatry ny Krismasy,

saingy izany . . . na oviana na oviana no hitenenan'ny Tompo aminay mba hijanona, dia ho izany ilay fotoana. Tsy fantatray mihitsy hoe ho inona ireo vokatra. Saingy eo am-pinoana fa ireo vahoaka eto amin'ny tabernakla sy ireo fiangonana rahavavinay (izany hoe, ny iray amin'izy ireo dia—dia ny tabernaklan'ny fahamasinana any Utica, izay Rahalahy Graham Snelling no pasitera, sy any New Albany izay Rahalahy—Rahalahy Junie Jackson no pasitera, ary any amin'ny làlana malalaka ihany koa izay Rahalahy Ruddell no pasitera), izahay sy izy ireo dia, ireo fiangonana rahavavin'ity tabernakla ity, izahay dia miezaka mba hitondra ny . . . an'ireo olonay ao amin'ny fiombonana amin'i Kristy tsaratsara kokoa. Izany no tanjonay. Noho izany dia nifidy ny hamaky aho sy hampianatra eo amin'ny, mandritr'ireo hariva vitsy manaraka . . .

6 Izao hariva izao dia tiako ny hiresaka eo amin'ny lohahevitra hoe: *Inona Ny Fanahy Masina?* Ary rahampitso hariva, dia tiako ny hitory eo amin'ny: *Ho An'Ny Inona No Nanomezana Azy?* Ary amin'ny Zoma hariva . . . Ary, ho an'ireo fandraisam-peo, dia tsy tiako ho raisim-peo ity amin'ny Zoma hariva: *Ahoana No Hahazoako Ny Fanahy Masina?* ary *Ahoana No Hahafantarako Fa Manana Azy Aho?* Ary avy eo dia havelantsika fotsiny, avy eo dia hahita hoe inona no hitarihan'ny Tompo antsika, ho an'ny Sabotsy sy Alahady. Ary ny Alahady maraina, dia asam-panasitranana iray, sy asa evanjelika hafa iray ho an'ny Alahady hariva.

7 Ary ankehitriny dia tianay ny rehetra hahafantatra fa . . . Ary fantatro fa mandeha ireo fandraisam-peo ao amin'ny efitra aoriana, ka maniry izahay ny hilaza an'izao. Satria, ao amin'ireo fivoriana tahaka an'izao, eo amin'ny endrika evanjelika, dia manana olona avy amin'ireo anaram-piangonana samihafa avy amin'ny fiangonana izahay izay efa nampianarina tao amin'ireo faritra manokan'ny finoany, ny tsirairay avy. Ary mety tsara daholo izany. Tsy tiako mihitsy ny ho meloka nohon'ny famafazana fisaraham-bazana eo anivon'ny rahalahy. Ary any amin'ireo fivoriana any ivelany, dia mitory fotsiny eo amin'ireo Fahamarinana ara-pilazantsaran'ny Soratra aho, eo amin'izay inoan'ireo rahalahy izay manohana ny fivoriako. Saingy, eto amin'ny tabernakla eto, izaho—te-hiresaka eo amin'izay inoantsika aho. Noho izany, raha ianareo—raha tsy azonareo ilay izy, dia ho tena faly aho ny hahazo taratasy kely iray na naoty avy aminareo, mba hametraka amiko ny fanontaniana hoe—hoe ahoana no inoanay an'ilay izy tahaka an'izany. Ary ho faly aho ny hiezaka hanazava azy amin'ny tsara indrindra izay vitako.

8 Fantatrareo, ny fiangonana rehetra, raha tsy manana foto-pampianarana iray ianareo, dia tsy fiangonana iray. Tsy maintsy manana zavatra iray izay tohananareo ianareo, fitsipika sasany izay ifikiranareo. Ary tsy mampaninona izay mety

ho fikambanana na anaram-piangonan'ny olona iray, raha nateraky ny Fanahin'Andriamanitra io olona io, dia izany no rahalahiko na anabaviko, tsy mampaninona izay . . . Mety ho samihafa izahay eo amin'ireo zavatra hafa, lavitra tahaka ny atsinanana amin'ny andrefana, saingy mbola mpirahalahy foana izahay. Ary tsy hanao na inona na inona afa-tsy ny miezaka hanampy an'io rahalahy io aho ho an'ny fandehanana akaikikaiky kokoa, tsaratsara kokoa eo amin'i Kristy. Ary mino aho fa ny tena, Kristiana marina rehetra dia hanao tahaka an'izany amiko.

9 Ankehitriny, nanontany an'ity tabernakla ity aho . . . Ankehitriny, tsy miditra amin'ity ho an'ny fivoriam-pifohazana iray fotsiny isika. Tiako ny hiditra amin'izao, ary tiako ianareo, ary nangataka anareo aho, handoro ny tetezana rehetra izay aorianareo, ka hanitsy ny fahotana rehetra, mba hidirantsika amin'ity miaraka amin'izay rehetra ao am-pontsika sy ireo fiainantsika. Tsy maintsy tonga eto isika ho an'ny tanjona tokana amin'ny fanaovana ny fanahintsika ho vonona ho an'ny Fihavian'ny Tompo, fa tsy ho an'ny tanjona hafa. Ary araka ny noteneniko sy nolazaiko, fa indraindray aho dia mety mampianatra na milaza zavatra iray izay mety hifanohitra kely amin'ny olona hafa iray, ny fomba izay inoany azy. Izaho—izaho dia—tsy tonga ho an'ny adi-hevitra aho, hitanareo, izaho—izaho dia tonga . . . Eto isika mba hanomana ny Fihavian'ny Tompo. Ary heveriko fa ity vondrona kely ity . . .

10 Manana rahalahy vitsivitsy mpitsidika aho miaraka amiko eto izay fantatro, avy amin'ny toerana samihafa, ary faly isika manana azy ireo. Ary tsy isalasalana fa eo amin'ny mpanatrika eo, dia misy hafa avy any ivelan'ny tanàna, avy any ivelany any manodidina ny tanàna kelintsika mifanakaiky eto. Ary faly izahay manana anareo, ary tena mankasitraka anareo, raha tia anay betsaka tokoa ianareo ka tonga hihaino an'ireto zavatra ireto. Andriamanitra . . . Enga anie ianareo hitondra hody miaraka aminareo, ry rahalahiko, anabaviko, an'ireo harena miafina ambony vidy indrindra izay azon'Andriamanitra hararaka ao am-ponareo, izay no fivavako.

11 Ary ho an'ity tabernakla kely ity, satria mino aho hoe ny iray amin'ireo olona tsara indrindra izay inoako fa eto an-tany, dia mandeha ato amin'ity tabernakla ity. Ankehitriny, tsy nilaza mihitsy aho hoe "ny rehetra" amin'ny olona tsara indrindra. Nilaza aho fa ny sasany amin'ireo olona tsara indrindra eto an-tany dia mandeha ato amin'ity tabernakla ity. Fa isan'andro isan'andro, miverina aho, isaky ny fivoriana, dia mahita ilaina lehibe an'ity tabernakla ity, ilaina lehibe ao anatiny, ary ho an'ny famenoana iray izany, na fanokanantena iray, fiainana lalina iray, fandehanana iray akaikikaiky kokoa miaraka amin'Andriamanitra. Ary nampanantena azy ireo hanao an'izao aho, hitondra an'ireto Hafatra ireto ho azy

ireo. Ary faly izahay ny hampiditra anareo sy hiombona aminay manodidina ny Tenin'Andriamanitra, raha mampianatra izahay ary miezaka ny hitondra.

12 Ankehitriny, ireo hariva telo voalohany dia tsy hitondra lohahevitra iray ho toriana isika, fa Hafatra iray hampianarina avy amin'ny Tenin'Andriamanitra.

Ary ankehitriny, fa, tsy hangataka olona iray aho hanao zavatra iray izay tsy hataon'ny tenako. Ary ity herinandro ity dia efa Kalvary feno ho ahy. Izaho dia efa tena nanakaiky ny—ny fahaverezan-tsaina, araka ny nametrahako azy, hany ka saiky tany ivelan'ny tenako aho. Saingy nanolotra manontolo ny sitrapo rehetra aho, sy ny zavatra rehetra izay fantatro, ho an'ny Tompo.

13 Indray hariva, nanodidina kelin'ny taorian'ny misasakalina, izaho sy ny vadiko, rehefa avy nitsangana, sy nivavaka ary niresaka tamin'ny Tompo, nanodidina an'ilay fitoeran-tongotra kely tao amin'ny. . . ny efitranonay anoloana, niaraka tamin'ny Baiboly roa nisokatra, dia nanokana ny tenanay indray ho an'Andriamanitra izahay, ho an'ny asa manontolo iray, mba hanoloranay ny sitraponay manokana, sy ny sisa, ary ny fisainana negatifa rehetra, ka hanompo ny Tompo Jesosy.

Ary matoky aho fa izany no toetranareo, ihany koa, hoe nanao an'ilay zavatra iray ihany ianareo. Amin'izay fotoana izay rehefa tonga isika izao hariva izao, dia tonga eo amin'ireo tany masina, eo anivon'ny olona iray izay efa nivavaka, sy nifady hanina, sy nanao fanavaozana, ary vonona handray zavatra iray avy amin'Andriamanitra. Ary fantatro fa izay ho tonga noana dia tsy handeha noana, fa Andriamanitra no hamahana azy amin'ny Mofon'Aina.

14 Ankehitriny, alohan'ny hamakiantsika avy ao amin'Ny Bokiny masina, dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny ho an'ny vavaka.

15 Tompo, efa nisy vavaka natolotra teto amin'ity toerana ity izao hariva izao. Efa nisy. . . efa nohirain'ireo Zanakao ireo hiran'i Ziona. Efa nisandratra ny fon'izy ireo. Ary tonga eto izahay mba hanokana ny tenanay ho Anao, sy hanompo Anao avy ao amin'ny lalin'ny fanahinay. Ary miantso an'izao ho amin'ny Fahatsiarovanao izahay, Tompo, fa Ianao no nilaza rehefa nipetraka teo ambonin'ilay tendrombohitra Ianao ka nampianatra an'ireo Mpianatrao hoe, "Sambatra ireo izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana, fa izy ireo no hovokisana." Ianao no nampanantena an'izany, Tompo. Tonga izahay izao hariva izao miaraka amin'ny fo misokatra. Tonga izahay, noana sy mangetaheta, ary fantatray fa hihazona ny Fampanantenanao Ianao.

16 Raha miezaka izahay ny hanokatra an'ireto pejy masin'ny Baiboly ireto, hamaky an'ireo votoatiny avy amin'Izany, dia

enga anie ny Fanahy Masina hitondra an'Izany ao amin'ny fo rehetra. Ary enga anie ilay Voa hilatsaka ao amin'ny finoana lalina, manan-karena izay hamokatra ny teny fikasana rehetra izay nataon'ny Teny. Henoy izahay, Tompo, ary diovy izahay, ka zahao toetra. Ary raha misy zavatra tsy madio mikasika anay, Tompo, fahotana iray tsy voabebaka, ny zavatra rehetra izay tsy tsara, dia ambarao izany izao ankehitriny izao, Tompo, handeha hahitsy avy hatrany izahay ka hanao an'izany, satria fantatray fa miaina ao amin'ireo aloky ny Fihavian'ny Tompo Jesosy izahay. Ary izahay dia, O Andriamanitra Masina, dia miditra ao amin'ireo aloky Ny—Ny fahamarinanao izao hariva izao, ka miangavy fanoloran-tena vaovao iray izahay, sy fanokanan-tena, ary famenoana avy amin'ny Fanahy Masina ao amin'ny fiainanay.

17 Satria manomboka mihena ireo afom-pifohazana, dia avelao izahay hanampy eo amin'ny hazon'ny Teny, mba handrehetan'Izany afo vaovao iray, ka ho feno zotom-po ny fonay. Amasino izahay, Tompo, amin'ny alàlan'Ny Teninao sarobidy sy Ny Rànao, ary ny Fahasoavanao, miangavy izahay. Ary ho Anao ny fisaorana sy ny dera rehetra. Esory ao amponay ny fanaratsiana mialoha rehetra. Diovy izahay, O Tompo. Omeo fo madio izahay, sy tànana madio, ary saina madio, mba hahafahanay miditra ao amin'ny Toera-masinao, isan-kariva, mifaly sy feno Ny Fanahinao. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay, ary nohon'ny Aminy. Amena.

18 Maniry aho ny hamaky ny Teny izao ankehitriny izao. Ary raha mbola . . . Nangataka taminareo aho mba hitondra ny Baibolinareo, ny pensilinareo, ny taratasinareo, ho an'ny Soratra. Raha tena sitrakareo izany, dia ho tena tsara. Ary ankehitriny raha mbola mitady ny toko faha-7-n'ny Asa ianareo, eto am-panombohana; mba hamaliana an'ilay fanontaniana, na hanombohana hamaly an'ilay fanontaniana hoe: *Inona Ny Fanahy Masina?*

19 Tsy misy na inona na inona haharesy an'i Satana, tsy mbola nisy na inona na inona mihitsy teto an-tany izay hany naharesy an'i Satana, tahaka ny Tenin'Andriamanitra. Nampiasa an'Izany Jesosy tao amin'ny Adiny lehibe; hoy Izy hoe, "Voasoratra hoe . . . "

20 Ary aninkeo maraina, raha teo am-pihainoana aho, andro vitsy lasa izay, teo amin'ny fampielezam-peo izay toa te-hiteny fa ilay famoronana dia avy amin'ny lavenona sasantsasany izay niara-nitsoka, sy fosfaty sasantsasany, ary akora simika vitsivitsy avy amin'ny tany, ka ny hafanan'ny tara-masoandro no namorona ny tsimok'aina ary namoaka aina. Mahatsikaiky toy ny ahoana! Nefa, ny tara-masoandro dia hamono ny tsimok'aina rehetra. Apetraho eo amin'ny tara-masoandro ny tsimoka iray, fa hamono azy avy hatrany izany. Koa tsy misy ny zavatra tahaka an'izany; fa i Satana no niezaka nampisotro ahy an'ilay izy.

Ary rehefa avy nitondra an'i Rebekah keliko tany am-pianarana aho aninkeo maraina, ka teo amin'ny làlana miverina, dia nanomboka nandefa an'ilay radio indray aho; ary nieritreritra aho hoe hiditra eo amin'io karazan-javatra io indray, noho izany dia novonoiko fotsiny indray ilay izy.

Ary raha nandeha niakatra teo amin'ny làlambe aho, dia nilaza tamiko i Satana, hoy izy hoe, "Fantatrao ve fa io Lehilahy izay antsoinao hoe Jesosy io dia nitovy tamin'ny lehilahy iray fotsiny, indray andro tamin'ny Androny, tahaka an'i Billy Graham na Oral Roberts. Lehilahy iray fotsiny Izy ka nanomboka nahazo olona vitsivitsy izy ireo hiangona manodidina Azy sy hilaza fa Lehilahy malaza iray Izy, ary afaka kelikely dia niha-nalaza Izy, ary avy eo Izy dia lasa ho—ho andriamanitra iray ho azy ireo. Ary niparitaka nanerana an'izao tontolo rehetra izao izany ankehitriny, hatramin'ny Nahafatesany, dia izay ihany."

21 Nieritreritra aho hoe, "Mpandainga iray toy ny ahoana ianao!" Ary avy eo dia nitodika fotsiny aho raha niampita ny Graham Street. Hoy aho hoe, "Satana, ianao izay miresaka amin'ny fieritreretako, te-hanontany zavatra vitsivitsy anao aho. Iza no noresahan'ireo mpaminany Hebreo fa ho avy? Iza ilay Mesia voahosotra? Inona no teo ambonin'ireo lehilahy izay nahita Azy mialoha ka niteny ny Fiainany, an'arivo taonany talohan'ny Nahatongavany teto? Iza no nilaza mialoha an'izany ara-bakiteny mihitsy? Ary rehefa tonga Izy, dia hoy izy ireo hoe 'Nisaina ho isan'ireo mpanao meloka Izy,' ary izany Izy. 'Izy dia voalefona nohon'ny helotsika,' ary izany Izy. 'Nanao ny Fasany teo amin'ny mpanan-karena Izy, fa nitsangana Izy, ny andro fahatelo,' ary Nataony izany. Ary avy eo dia nampanantena ny Fanahy Masina Izy, ary manana Azy aho. Noho izany dia mety tsara ho anao ny miala amin'Izany, satria voasoratra ao amin'ny Teny izany, ary ny Teny rehetra dia marina." Tamin'izay fotoana izay dia lasa izy. Omeo azy fotsiny ny Teny, izany no manao an'ilay izy. Tsy afaka mahatanty an'ity Teny ity izy, satria voatsindrimandry Izany.

Ndao isika hanomboka hamaky izao hariva izao ao amin'ny toko faha-7-n'ny Bokin'ny Asa.

> *Avy eo dia hoy ilay mpisoronabe hoe, Tahaka an'izany ve ireo zavatra ireo?*
>
> *Dia hoy izy hoe, Ry lehilahy, sy rahalahy, ary* ray, *mihainoa; Ilay Andriamanitry ny voninahitra dia niseho* tamin'*i Abrahama raintsika, rehefa tany Mesopotamia izy, talohan'ny nonenany tany Harana,*
>
> *Ary hoy izy taminy hoe, Mialà ianao amin'ny taninao, sy amin'ny havanao, ary mandehana any amin'*ny *tany izay* hasehoko *anao.*

*Dia niala tamin'ny tanin'ny Kaldeana izy, ka nonina tany Harana: ary nanomboka teo, rehefa maty ny rainy, dia namindra azy tao amin'ity tany ity izy, izay onena*nareo *ankehitriny.*

Ary tsy nomeny lova tao amin'izany izy, tsia, na dia ny hametrahany ny tongony akory aza: kanefa izy no nampanantena fa hanome azy an'izany ho fananana, sy ho an'ny taranany mandimby azy, nefa tsy mbola nananjanaka izy.

. . . Andriamanitra dia niresaka teo amin'izany fanao izany, Fa hivahiny any amin'ny firenena hafa iray ny taranany; ary hitondra azy ireo ao amin'ny fanandevozana izy ireo, ka hanao ratsy azy ireo mandritry *ny efajato taona.*

Ary hotsaraiko ny firenena izay hanao azy ireo ao amin'ny fanandevozana, hoy *Andriamanitra: ary aorian'izany dia hivoaka izy ireo, ka hanompo ahy eto amin'ity* tany *ity.*

Ary nomeny fanekena amin'ny famorana izy: ary noho izany i Abrahama dia niteraka *an'i Isaka, ka namora azy tamin'ny andro fahavalo; ary Isaka* niteraka *an'i Jakoba; ary Jakoba* niteraka *an'ireo patriarka roa ambin'ny folo.*

22 Eo amin'io toerana io, no aniriantsika hanatonana ny lohahevitra, izay heveriko fa lohahevitra malaza an'izao andro izao, ny amin'ny . . . *Inona Ny Fanahy Masina?* Inona Izany? Ary, ankehitriny, ny antony nandraisako an'ireto lohahevitra ireto hilahatra tahaka an'izao, dia tsy afaka ny ho tonga ianareo ka handray ny Fanahy Masina raha tsy fantatrareo hoe inona Izany. Ary tsy afaka mandray Azy ianareo, raha tsy fantatrareo hoe inona Izy, raha tsy mino ianareo fa nomena anareo Izany, ary ho anareo Izany. Ary, avy eo, dia tsy afaka hahafantatra ianareo na hahazo Azy, na tsia, raha tsy fantatrareo hoe inona ireo vokatra Entiny. Noho izany raha fantatrareo hoe inona Izany, sy ho an'iza Izany, ary inona no hetsika Entiny rehefa tonga Izy, amin'izay fotoana izay dia ho fantatrareo izay azonareo rehefa manana Azy ianareo. Hitanareo? Hilamina hatreo fotsiny izany.

23 Tahaka ny noresahako tamin'ny Jeffries Rahalahintsika androany fotsiny, ary hoy izy hoe, "Te-ho ao amin'ny fivoriana aho rahariva, saingy ho any aho rahampitso hariva." Tsy fantany fa hisy ilay fivoriana, satria tsy nolazainay izany; teto fotsiny ihany. Ny sasany amin'ny . . . Rahalahy Leo sy izy ireo dia nanoratra tany amin'ny sasany tamin'ireo sakaizantsika ary niteny tamin'izy ireo, tany ivelan'ny tanàna. Eny, satria tsy nanana efitra isika.

24 Ankehitriny hoy aho hoe, "Rahalahy Jeffries, raha naniraka ahy tany ianao mba handefa ny iray amin'ireo dobon-tsolikao, ka tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'izany aho, dia

hanapoaka azy. Mety hanodina an'ilay fanalahidy tsy izy aho na hamelona an'ilay motera tsy izy. Tokony ho fantatro hoe ahoana no hanaovana an'ilay izy alohan'ny nanaovako azy."

Ary tahaka an'izany ny fandraisana ny Fanahy Masina. Tsy maintsy fantatrareo hoe ho an'ny inona no ahatongavanareo, sy ahoana no handraisana Azy, ary inona Izany.

Ankehitriny, voalohany aloha, dia efa nampanantenaina ny Fanahy Masina.

25 Afaka haka herinandro folo isika ka tsy mihitsy . . . handingana fotsiny ny lohan'ity lohahevitra ity, hoe inona ny Fanahy Masina. Fa, ny zavatra voalohany, dia tiako ny hanatona an'izany betsaka fotsiny mba hanome votoatin-kevitra iray isan-kariva, avy eo dia hahita ny hariva manaraka raha misy fanontaniana.

26 Firy ato no tsy nandray ny Fanahy Masina, tsy vita batisan'ny Fanahy Masina? Atsangano ny tànanareo; fantatrareo fa tsy mbola vita ianareo. Jereo fotsiny ireo tànana.

Tiako ankehitriny ny hiresaka eo amin'Izany, amin'ny maha-famantarana iray ny Fanahy Masina, satria famantarana iray Izany. Fantatsika fa, fa ny teny fikasana rehetra dia nomena antsika tamin'ny alàlan'ny . . . Abrahama no rain'ny teny fikasana, satria Andriamanitra no nanome ny teny fikasana ho an'i Abrahama sy ho an'ny Taranany mandimby azy. Ny teny fikasana dia natao "ho an'i Abrahama sy ho an'ny Taranany." Ary io famantarana io dia ho an'ny vahoakan'ny fanekena iray.

27 Ankehitriny, misy fahasamihafana lehibe eo amin'ny hoe Kristiana iray fotsiny sy ny Kristiana feno ny Fanahy Masina. Ary ho hitantsika izany ankehitriny avy ao amin'ny Soratra, ary hametraka an'ilay izy marina mihitsy ao amin'ny Soratra. Ny voalohany aloha, dia misy ny Kristiana iray milaza ho Kristiana. Saingy raha tsy mbola nofenoina ny Fanahy Masina io Kristiana io, dia eo amin'ny dingana ho Kristiana iray fotsiny ihany izy. Hitanareo? Izy no milaza fa mino an'Izany; miasa eo amin'Izany izy, saingy tsy mbola nanome azy an'io Fanahy io Andriamanitra, avy amin'ny Fanahy Masina. Tsy mbola tonga eo amin'io tanjona miaraka amin'Andriamanitra io izy, izay nahafantaran'Andriamanitra azy.

28 Satria, izany, Andriamanitra dia nanao fanekena iray tamin'i Abrahama, rehefa avy niantso an'i Abrahama Izy, izay tandindona iray an'ny fiantsoana an'ilay mpino amin'izao andro izao.

Niantso an'i Abrahama Izy, ary nivoaka tamin'ny taniny i Abrahama ka niditra tao amin'ny tany hafa iray, mba honina eo anivon'ny vahoaka hafa, ary izany dia tandindona iray ny amin'ny hoe rehefa miantso olona iray Andriamanitra hampitsahatra ny faharatsiam-panahiny, hibebaka amin'ny fahotany. Mihodina miala amin'ilay vahoaka izay nisy azy

izy avy eo, mba hiaina ao amin'ny vahoaka vaovao iray, eo anivon'ireo karazam-bahoaka vaovao.

Koa avy eo rehefa hitan'Andriamanitra fa mahatoky amin'ny teny fikasana izay nomen'Andriamanitra azy i Abrahama, izay hahazoany an'ilay zanaka, ary amin'ny alàlan'io zanaka io no hitahiana ny tany rehetra, tamin'izay fotoana izay dia nanamarina ny finoany Andriamanitra tamin'ny fanomezana azy famantarana iray, ary izany famantarana izany dia ny famorana. Ary tandindon'ny Fanahy Masina ny famorana.

29 Ireo andininy manaraka an'io toko izay vao avy novakiantsika io mihitsy, raha tianareo ny handray naoty an'izany. Ary ny . . . Hoy i Stefana, ao amin'ny andininy faha-51:

> *Ianareo* mafy hatoka . . . *tsy voafora* ny *fo sy sofina,* ianareo *dia manohitra foana ny Fanahy Masina: tahaka ny nataon'ny razanareo, dia toy izany koa no atao*nareo.

30 Tandindon'ny Fanahy Masina ny famorana. Ary Andriamanitra no nanome an'i Abrahama ny—ny famantaran'ny famorana rehefa avy nanaiky an'Andriamanitra teo amin'ny Fampanantenany izy ka nandeha nankany amin'ny firenena hafa iray. Hitanareo? Izany dia famantarana iray.

Ary ny zanany rehetra, sy ny taranany nandimby azy, dia tokony hanana an'io famantarana io ao amin'ny nofony, satria fanavahana iray izany. Hampisarahana azy ireo amin'ireo vahoaka hafa ilay izy, io famantaran'ny famorana io.

31 Ary izany no ampiasain'Andriamanitra amin'izao andro izao. Ny famantaran'ny famorana ny fo, ny Fanahy Masina, no manao ny Fiangonan'Andriamanitra ho Fiangonana iray nosarahina tamin'ny fanekem-pinoana hafa rehetra, ireo finoana sy anaram-piangonana. Ao amin'ireo karazan'anaram-piangonana rehetra izy ireo, kanefa dia vahoaka iray nosarahina. Avelao aho hiresaka amin'ny olona iray roa minitra, dia afaka hiteny aminareo aho na nandray ny Fanahy Masina izy na tsia; afaka koa ianareo. Izany no manasaraka an'izy ireo. Izany dia marika iray. Izany dia famantarana iray. Ary famantarana iray ny Fanahy Masina. Ary izany no . . .

Ny zanaka rehetra izay nandà ny famorana ao amin'ny Testamenta Taloha, izay aloka mialoha an'ny Fanahy Masina, dia nofongorana niala teo anivon'ny olona. Tsy afaka nanana fiombonana niaraka tamin'ny sisan'ilay fiangonana izy, raha nandà ny ho foraina.

Ankehitriny ampiharo amin'izao andro izao izany. Ny olona iray izay handà ny handray ny batisan'ny Fanahy Masina, dia tsy afaka hahazo fiombonana eo anivon'ireo izay manana ny Fanahy Masina. Tsy afaka manao an'izany fotsiny ianareo. Tsy maintsy ho natiora iray ianareo. Tahaka, izany dia . . .

32 Ny reniko taloha dia zatra nanao hoe, “Ireo vorona mitovy volo no miaraka.” Eny, ohabolana tranainy iray izany, saingy anankiray marina. Tsy mahita an’ireo voromailala sy goaika miombona ianareo. Samihafa ny sakafo mahazatra azy ireo. Samihafa ny fahazaran’izy ireo. Samihafa ny fanirian’izy ireo.

Ary tahaka an’izany izao tontolo izao sy ny Kristiana iray rehefa avy *noforain’*ny Fanahy Masina ianareo, izay midika hoe, “manapaka nofo iray.”

33 Ao amin’ny lahy irery ihany no anaovana ny famorana. Saingy rehefa nanambady lehilahy iray ny vehivavy, ampahany izy, dia voafora niaraka taminy. Tsaroanareo, ao amin’ny Timoty, izay Izao no voalaza ao hoe, “Iaraha-mahalala fa hovonjena ihany izy amin’ny fiterahan-jaza, raha maharitra amin’ny finoana sy ny fahamasinana miaraka amin’ny fahononan-tena.”

34 Ankehitriny, ny famorana. Fantatrareo fa rehefa ny... Nihomehy tao anatin’ny tranolay taoriany i Saraha, tamin’ny hafatr’ilay Anjely, rehefa hoy Izy hoe, “Abrahama,” tsy nahafantatra hoe iza izy, vahiny iray, “aiza ny vadinao, Saraha?” Ahoana no Nahafantarany fa nanana vady iray izy?

35 Araka ny nolazain’i Jesosy hoe, “Tahaka ny tamin’ny andron’i Lota, dia ho toy izany koa amin’ny fihavian’ny Zanak’olona.” Tsarovy, fa tsy notanterahina tany Sodoma sy Gomora ireo famantarana ireo, tao amin’izao tontolo izao, teo anivon’ireo mpanaraka fivavahana. Fa ho an’ilay Voafidy izany, ilay nantsoina hivoaka. Ary nantsoina hivoaka i Abrahama. Ary ny teny hoe *fiangonana* dia midika hoe “nantsoina hivoaka; ilay nosarahina,” tahaka an’i Abrahama nanasaraka ny tenany ka noforaina.

Ary tamin’izay fotoana izay rehefa nihomehy an’ilay tena hafatry ny Anjely i Saraha, dia tokony ho novonoin’Andriamanitra teo no ho eo izy; saingy tsy afaka nanelingelina an’i Saraha Izy nefa tsy nanelingelina an’i Abrahama, satria iray izy ireo. Ampahany izy. “Tsy roa intsony ianareo, fa iray.”

36 Noho izany, ny famorana, ny Fanahy Masina amin’izao andro izao no mamora ny fo. Ary famantarana iray izany, famantarana iray nomena.

Nilaza ny olona iray indray andro...Mamerina an’izao fotsiny aho, tsy hoe toy ny vazivazy iray. Satria, izany no fahamarinana, saingy toy ny vazivazy iray ilay izy. Araka ny nolazaiko matetika, ity dia tsy toerana ho an’ny vazivazy. Fa nisy Alemana kely iray tany amin’ny Morontsiraka Andrefana, izay nisy anay mihitsy. Nandray ny Fanahy Masina izy. Dia nandeha teny an-dàlambe izy, ary namindra kely fotsiny, ka nanangana ny tànany izy sady niteny tamin’ny fiteny tsy fantatra. Ary nihazakazaka izy, dia nitsambikina, sady nihiakiaka izy. Ary

tany am-piasana izy, nanohy tahaka an'izany, dia hoy ny lehibeny taminy hoe, "Taiza ianao?" Ah-hah. Tiako ireo toerana izay nisy anao. Hoy izy hoe, "Tsy maintsy tany anivon'io andiana bilao io ianao."

Hoy izy hoe, "Noho izany dia mihevitra ve ianao fa bilao izy ireo?"

Hoy izy hoe, "Azo antoka, izany izy ireo."

37 Hoy izy hoe, "Eny, deraina ny Tompo amin'ireo bilao!" Dia hoy izy hoe, "Mba fantatrao moa? Milalao ampahany goavana iray ireo bilao." Hoy izy hoe, "Ohatra, ny fiara, esory avy ao aminy ireo bilao rehetra, fa tsy hanana na inona na inona afatsy andiana 'fatim-by' iray ianao." Noho izany dia saiky marina mihitsy izany.

38 Tena hafa ianareo rehefa tonga eo aminareo ny Fanahy Masina, hany ka tsy tia anareo ny sain'ity izao tontolo izao ity, ary manohitra anareo izy ireo, ary tsy te-hanao na inona na inona aminareo, mihitsy. Nateraky ny Tontolo hafa iray ianareo. Tena vahiny iray mihitsy ianareo, ho im-polo mihoatra nohon'ny vahiny, raha handeha any amin'ireo faritra lavitra indrindra an'ireo ala Afrikana ianareo. Hafa ianareo rehefa tonga ny Fanahy Masina, ary famantarana iray Izany. Marika iray eo anivon'ny olona Izany.

39 Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Noho izany, Rahalahy Branham, nomena an'i Abrahama ve io famantaran'ny famorana io?" Marina izany. "Ary ho an'ny Taranany ve?" Eny.

40 Eny àry, hamadika ao amin'ny Galatiana isika ankehitriny, toko faha-3, andininy faha-29, dia hahita hoe ahoana no ahafahan'izany hampiharina amintsika. Galatiana 3:29, ary hahita fotsiny hoe ahoana no ahafahan'io famorana io hampiharina amin'ny Jentilisa iray, raha Jentilisa isika; izay, maha-izy antsika tamin'ny fahaterahana ara-nofo.

Ankehitriny, ny voalohany, dia te-hamaky ny andininy faha-16 aho.

> *Ankehitriny dia tamin'i Abrahama sy ny taranany no nanaovana ny* teny fikasana. (Abrahama sy ny taranany!) *Izy dia tsy* nilaza *hoe, Ary ho an'ireo taranany, . . .*

Ny karazana rehetra fotsiny an'ny . . . manao hoe, "Oh, izaho dia ireo taranak'i Abrahama, ihany koa." Tsia. Ho an'ny "Taranaka," Taranak'i Abrahama!

> . . . Tsy *ho an'ireo taranaka, toy ny hoe maro; fa toy ny hoe anankiray, Ary ho—ho* azy ireo . . . *Ary ho an'ny taranakao, izay Kristy.*

41 Kristy no Taranak'i Abrahama. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry, ndao raisintsika ankehitriny ny andininy faha-28 sy faha-29.

Tsy misy intsony na Jiosy na Grika, tsy misy intsony na *andevo* na *afaka,* tsy misy intsony *na lahy* na *vavy: fa* isika *rehetra dia iray ao amin'i Kristy Jesosy.*

Ary raha an'i Kristy ianareo, amin'izay fotoana izay ianareo dia *taranak'i Abrahama, ary* dia *mpandova araka ny teny fikasana.*

Ahoana no hahalasa antsika ho "Taranak'i Abrahama"? Amin'ny maha-ao amin'i Kristy, amin'izay fotoana izay dia Taranak'i Abrahama isika. Ary inona ilay Taranak'i Abrahama? Fa, mety manohy hatrany amin'ny Romana 4 sy toerana samihafa isika.

Tsy nandray ny teny fikasana mihitsy Abrahama tamin'izy noforaina. Mba hanehoana fa tandindona iray fotsiny io famorana io, dia efa nandray ny teny fikasana izy *talohan'*ny namorana azy. Ary tandindona iray izany, ho fanekena ny finoany izay nananany talohan'ny namorana azy.

42 Ankehitriny, rehefa ao amin'i Kristy isika, dia lasa Taranak'i Abrahama ary mpandova miaraka amin'i Kristy, noho izany, tsy mampaninona na iza isika na iza, Jiosy na Jentilisa.

Ary, "ny Taranak'i Abrahama," ny Taranak'i Abrahama dia manana ny finoan'i Abrahama, izay mandray an'Andriamanitra amin'Ny Teniny. Tsy mampaninona na toa mahatsikaiky toy ny ahoana aza Izany, tsy mahazatra toy ny ahoana ny fihetsikareo, hafahafa toy ny ahoana no anaovan'Izany anareo, mandray an'Andriamanitra amin'Ny Teniny ianareo tsy mampaninona ny zavatra rehetra.

43 Abrahama rehefa dimy amby fitopolo taona, ary Saraha rehefa dimy amby enimpolo taona, dia nandray an'Andriamanitra tamin'Ny Teniny, ka niantso ny zavatra rehetra nifanohitra tamin'Izany ho toy ny tsy nisy akory aza. Inona no heverinareo ho noeritreretin'ireo dokotera, tamin'izany andro izany? Inona no heverinareo ho noeritreretin'ny olona, rehefa nahita lehilahy antitra iray izy ireo, dimy amby fitopolo taona, nandehandeha nidera an'Andriamanitra, hoe izy "dia hahazo zazakely iray" avy amin'ny vadiny, nefa dimy amby enimpolo taona izy, teo amin'ny dimy amby roapolo taona teo no nandalo ny fitsaha-jaza? Saingy, hitanareo, manao anareo hihetsika hafahafa izany, ny finoan'i Abrahama.

44 Ary rehefa voaforan'ny Fanahy Masina ianareo, dia manao an'ilay zavatra iray ihany aminareo Izany. Manao anareo hanao an'ireo zavatra izay tsy noheverinareo fa hataonareo Izany. Manao anareo handray ny teny fikasan'Andriamanitra Izany ary hino an'Andriamanitra.

45 Ankehitriny, Izany koa, ankoatra ny—ny teny fikasana iray sy famantarana iray, dia tombokase iray koa Izany. Ankehitriny raha handeha hiaraka amiko ao amin'ny Romana ianareo. Voalohany, tiako ianareo handeha hiaraka amiko ao amin'ny

Efesiana 4:30, ary ndao isika hamaky eto iray minitra fotsiny. Efesiana 4:30 no milaza an'izao.

Ankehitriny, efa nandre olona betsaka ianareo nilaza fa zavatra samihafa ny tombokase. "Raha mandeha any am-piangonana ianareo, dia mahazo ny tombokasen'ilay fiangonana." Ary hoy ny olona sasany hoe, "Izany dia ny mitandrina andro manokana iray, andro sabata iray, izany no—tombokasen'Andriamanitra izany." Hoy ny sasany amin'izy ireo hoe, "Raha mametraka ny fikambanantsika ao amin'ny anaram-piangonana iray isika, dia voaisy tombokase ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra."

46 Ankehitriny, hoy ny Baiboly hoe, "Aoka ny tenin'olona ho lainga, fa ny an'Andriamanitra ho ny Fahamarinana." Ankehitriny, Efesiana 4:30 dia mivaky toy izao:

> *Ary aza mampalahelo ny Fanahin'Andriamanitra, izay nanasiana tombokase anareo hatramin'ny andro fanavotana.*

47 Tsy maintsy ho lasa mafy kely eo amin'ity aho ankehitriny, hametraka azy. Ankehitriny, ianareo rahalahy mpanaraka lalàna dia mipetraha tsara vetivety kely fotsiny. Hitanareo? Efa voamarikareo ve hoe maharitra hafiriana io tombokase io? Tsy hatramin'ny fifohazana manaraka, hatramin'ny fotoana manaraka izay haha-ratsy fandeha ny zavatra iray. "Hatramin'ny andro fanavotana anareo," izany no fahelan'ny naha-voaisy tombokase anareo. "Hatramin'ny andro fanavotana anareo," rehefa navotana hiakatra hiaraka amin'Andriamanitra ianareo, izany no fahelan'ny anisian'ny Fanahy Masina tombokase anareo. Tsy hoe avy amin'ny fifohazana mankany amin'ny fifohazana; fa avy amin'ny Mandrakizay mankany amin'ny Mandrakizay, no naha-voaisy tombokase anareo tamin'ny Fanahy Masina.

Izany no Fanahy Masina, Izany no tombokasen'Andriamanitra, hoe Izy dia nahita . . . nahita fitia teo Imasony ianareo, ary tia anareo Izy, sy mino anareo Izy, ka mametraka ny Tombokaseny eo aminareo Izy. Inona ny tombokase iray? Ny olona iray . . . Nahoana, ny *tombokase* dia maneho na midika hoe "asa vita." Amena. Efa namonjy anareo Andriamanitra, nanamasina anareo, nanadio anareo, nahita fitia teo aminareo, ary nanisy tombokase anareo. Nahavita Izy. Ianareo no Vokany hatramin'ny andro fanavotana anareo. Ny *voaisy tombokase* dia "zavatra vita."

Inona ny Fanahy Masina? Famantarana iray Izany. Ho tonga eo amin'izany isika afaka atsy ho atsy, ao amin'ny Hafatra hafa iray, ilay famantarana izay noresahan'i Paoly. Ny teny amin'ny fiteny tsy fantatra dia famantarana iray ho an'ireo mpino, na, ireo tsy mpino.

48 Mariho ankehitriny, fa, ao amin'ity, dia famantarana iray ny Fanahy Masina. Ny tiako ho lazaina . . . Ary tombokase iray ny Fanahy Masina. Izany dia famantarana iray izay nomen'Andriamanitra ho an'ireo Zanany voafidy. Ny mandà an'Izany, dia tsy maintsy fongorana eo amin'ny olona; ary ny mandray an'Izany, dia ny hoe vita ny amin'izao tontolo izao sy ireo zavatr'izao tontolo izao rehetra, ary ho lasa vokatra iray izay nametrahan'Andriamanitra tombokasen'ny fanekena iray.

49 Niasa tao amin'ny lalamby aho taloha teto niaraka tamin'ny Harry Waterberry, ary nandeha namatratra entana tao amin'ny vagao iray izahay. Ny rahalahiko, Doc, mijoro ery aoriana ery, dia manampy amin'ny famatrarana entana ao amin'ireo vagao. Rehefa voafatratra ny vagao iray, dia misava an'io vagao io izy ireo, ilay mpanara-maso, ary raha mahita zavatra iray mihilangilana izy, izay hianjera sy ho vaky, na zavatra iray izay handrava; tsy hanisy tombokase an'io vagao io izy mandra-pahatongan'io vagao io ho tena voafehy tanteraka, mandra-pahatongany ho tena voafehy tsara sy tena milamina, ka tsy hanelingelina an'ilay vokatra izay ao anatiny ny fihozongozonana.

50 Izany ilay olana izay tsy mahatonga antsika ho voaisy tombokase betsaka; mihilangilana loatra isika mikasika an'ireo zavatra. Rehefa misava ilay Mpanara-maso, hanara-maso ny fiainanareo, mba hahita raha tsy mihilangilana kely iray fotsiny ianareo mikasika an'ireo zavatra, mihilangilana kely mikasika ny fiainam-bavakareo, mihilangilana kely mikasika an'io fahatezerana io, mihilangilana kely mikasika an'io lela io, mba hiresaka mikasika ny hafa, dia tsy hanisy tombokase an'ilay vagao mihitsy Izy. Ireo fahazarana maloto sasantsasany, ireo zava-dratsy sasantsasany, ireo fisainan-dratsy sasantsasany, tsy afaka hanisy tombokase an'ilay vagao Izy.

Fa rehefa mahita ny zavatra rehetra amin'ny toerany Izy, ilay Mpanara-maso, amin'izay fotoana izay dia Asiany tombokase izany. Aoka hisy olona iray ho sahy hamaha an'io tombokase io mandra-pahatongan'io vagao io any amin'ny fitodiany izay nanisiana tombokase azy! Izay ilay izy. "Aza mikasika ny Voahosotro; aza manisy ratsy an'ireo Mpaminaniko. Fa Lazaiko aminareo, fa tsaratsara kokoa ho anareo ny hanantonana vato fikoseham-bary iray eo amin'ny tendanareo, ka hatsipy any amin'ny faran'ny ranomasina, toy izay hanandrana hanafintohina na hanozongozona kely an'ireo madinika izay voaisy tombokase ireo." Hitanareo ve izay tian'izany ho lazaina?

51 Izany no Fanahy Masina. Fiantohana anareo Izany. Fiarovana anareo Izany. Vavolombelonareo Izany. Tombokasenareo Izany. Famantaranareo Izany, hoe, "An-dàlana mankany An-danitra aho. Tsy ahoako izay lazain'ny devoly! An-dàlana mankany An-danitra aho. Nahoana? Izy no nanisy tombokase ahy. Izy no nanome ahy an'Izany. Izy no nanisy

tombokase ahy ao amin'Ny Fanjakany, ary an-dàlana mankany amin'ny Voninahitra aho! Avelao hitsoka ireo rivotra, avelao i Satana hanao izay tiany hatao. Efa nanisy tombokase ahy hatramin'ny andro fanavotako Andriamanitra." Amena! Izany no Fanahy Masina. Oh, tokony hila Azy ianareo. Tsy afaka manohy aho raha tsy misy Azy. Betsaka no azo lazaina eo, saingy azoko antoka fa fantatrareo izay resahako.

52 Ankehitriny, izao koa, ndao isika hamadika ao amin'ny Jaona 14, iray minitra fotsiny. Tiako fotsiny ny Teny! Izany no Fahamarinana.

53 Ankehitriny, ny Fanahin'Andriamanitra, ny Fanahy Masina, inona ny Fanahy Masina? Izany no Fanahin'i Kristy ao anatinareo. Ankehitriny, alohan'ny hamakiantsika, dia tiako fotsiny ny hilaza teny filazalazana vitsy eto. Inona ny Fanahy Masina? Tombokase iray Izany. Inona ny Fanahy Masina? Fanekena iray Izany. Inona ny Fanahy Masina? Famantarana iray Izany. Inona àry ny Fanahy Masina? Izany dia ny . . . ny Fanahin'i Jesosy Kristy ao anatinareo. Hitanareo? "Vetivety foana," hoy Jesosy, "dia tsy mahita Ahy intsony izao tontolo izao; kanefa ianareo no hahita Ahy, satria homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny faran'izao tontolo izao." Fanahin'Andriamanitra ao amin'Ny Fiangonany!

54 Ho an'ny inona? Ho an'ny inona no Nanaovany an'izany? Fanitsahana kely eo amin'ny lohahevitra rahampitso hariva izany. Fa ho an'ny inona no Nanaovany an'izany? Nahoana Izy, nahoana ny Fanahy Masina . . . Inona, ho an'ny inona no Nahatongavany? Ho an'ny inona no Nahatongavany ao anatinareo, ho an'ny inona no Nahatongavany ao anatiko? Izany dia ny hanohy an'ireo asan'Andriamanitra.

55 "Manao izay mahafaly Ny Raiko foana Aho. Tsy tonga hanao ny Sitrapoko manokana Aho, fa ny Ray izay naniraka Ahy. Ary ny Ray izay naniraka Ahy no momba Ahy; ary tahaka ny nanirahan'Ny Raiko Ahy, no Anirahako anareo koa." Oh, oadray! [Mitehaka ny tànany indroa Rahalahy Branham—Mpand.] Ny Ray naniraka Azy, no niditra tao Aminy. Ny Ray izay naniraka an'i Jesosy no niditra tao Aminy, niasa tamin'ny Alàlany.

Ilay Jesosy izay maniraka anareo, no mandeha miaraka aminareo sy ao anatinareo. Ary raha io Fanahy io, izay niaina tao anatin'i Jesosy Kristy, no nanao Azy hanao sy hihetsika tamin'ny fomba izay Nataony, dia hanana hevitra lehibe iray ianareo hoe ahoana no Hataony rehefa ao anatinareo Izy, satria tsy afaka miova io Aina io. Handeha avy amin'ny vatana mankany amin'ny vatana Izy, saingy tsy afaka manova ny Natiorany Izy, satria Andriamanitra Izany.

56 Ankehitriny ao amin'ny Jaona 14, ndao mihitsy isika hamaky kely fotsiny, manomboka amin'ny andininy faha-10.

Mino ve ianao . . . fa izaho ao amin'ny Ray, ary ny Ray ato amiko? ireo asa . . . *ireo teny izay lazaiko aminareo dia tsy avy amin'ny tenako: fa ny Ray izay mitoetra ato amiko, izy no manao an'ireo asa.* (Eritrereto izany ankehitriny.)

Minoa ahy fa izaho ao amin'ny Ray, ary ny Ray ato amiko: fa raha tsy izany dia minoa ahy nohon'ny amin'ireo tena asa.

Marina tokoa, marina tokoa, lazaiko aminareo, Izay mino ahy, ireo asa ataoko no hataony . . . koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy; satria aho mankany amin'*ny Raiko.*

Tsy hitanareo ve? Hitanareo ve hoe ahoana no Nilazany eo? Ankehitriny diniho io, ahoana no ahatongavan'io. Hamaky lavidavitra kely fotsiny aho. Hamaky hatreo amin'ny andininy faha-20 eo isika. "Ary na inona na inona angatahanareo amin'ny . . . " Ndao jerentsika, izaho dia nanana . . . Hia. Ah-hah. Marina.

Ary na inona na inona angatahanareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hanomezamboninahitra ny Ray ao amin'ny Zanaka.

Raha hangataka zavatra amin'ny anarako ianareo, dia hataoko *izany.*

Raha tia ahy ianareo, *dia tandremo ny didiko.*

Ary izaho hivavaka amin'ny Ray, (ankehitriny diniho) *ary izy hanome anareo Mpampionona hafa iray, mba hitoerany miaraka aminareo mandrakizay;*

Na dia ny Fanahin'ny fahamarinana aza; izay tsy azon'izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany izy, sady tsy fantany koa izy: fa ianareo *no mahafantatra azy; satria mitoetra eo aminareo izy, ary ho ao anatinareo.*

57 Iza àry io Fanahy io? Inona ny Fanahy Masina? Kristy ao anatinareo Izany. Ilay Mpampionona, izany no Fanahy Masina. "Ary rehefa tonga ny Mpampionona, dia hanao an'ireo zavatra iray ihany izay Nataoko Izy raha mbola ao Amiko ny Mpampionona. Hivavaka amin'ny Ray Aho, ary Izy no hanome anareo an'io Mpampionona io. Fantatrareo ny Mpampionona. Tsy mahafantatra Azy izao tontolo izao, tsy hahafantatra mihitsy. Fa ianareo no mahafantatra Azy satria mitoetra miaraka aminareo Izy ankehitriny," Jesosy no miteny, "fa ho ao anatinareo Izy." Eo ianareo izao, izany no Mpampionona, "ho ao anatinareo."

Tsy hamela anareo ho kamboty aho: hankaty aminareo aho.

"Izaho tsy . . . " Ankehitriny, izany no Mpampionona, Kristy. Izany no Fanahy Masina, dia Kristy.

Fa vetivety foana, dia tsy hahita ahy intsony izao tontolo izao; fa ianareo no *hahita ahy: satria velona aho,* ianareo . . . *dia velona ihany koa.*

58 Oh, afaka manohy ary manohy isika; saingy, mba hamela anareo hahafantatra. Inona Izy? Tombokase iray Izy. Famantarana iray Izy. Mpampionona iray Izy. Hitanareo ve hoe inona daholo Izy? Ny Taranak'i Abrahama no handova an'Izany.

59 Ankehitriny dia ndao ihany koa isika hahita fa ny . . . inona ihany koa ny Mpampionona. Ndao isika handeha ao amin'ny Jaona Voalohany 16:7, hahita raha Izy dia tsy Solovava iray, ihany koa. Fantatrareo hoe inona ny solovava iray, manao fiarovana iray. Manana Solovava iray isika. Fantatsika izany. Jaona Voalohany ny toko faha-16 . . . Oh, andraso iray minitra, miala tsiny aho. Masindahy Jaona, izay ilay izy, 16:7. Miala tsiny aho. Tena miala tsiny aho nilaza an'izany. Diso famaky aho eo amin'ny . . . izany dia 16:7.

Fa izaho milaza ny fahamarinana aminareo; Mahatsara anareo ny fialàko: fa raha tsy hiala aho, dia tsy ho avy aty aminareo ny Mpampionona; fa raha mandeha aho, dia hirahiko aty aminareo izy.

Ary rehefa tonga izy, dia izy no hampiaiky izao tontolo izao ny fahotany, sy ny fahamarinana, ary ny fitsarana:

Ny fahotana, satria tsy mino ahy izy ireo;

Ny fahamarinana, satria mankany amin'ny Ray aho, ary tsy mahita ahy intsony ianareo*;*

Ny fitsarana, satria ny andrianan'izao tontolo izao dia efa voatsara.

60 Oadray! Ankehitriny, ilay Solovava, hita ao amin'ny—ao amin'ny Jaona Voalohany 2:12. Ankehitriny ndao isika hamaky an'izany, iray minitra fotsiny, Jaona Voalohany 2:12. Mamelà ahy ianareo, Jaona Voalohany . . . 1 sy 2, izay ilay izy. Manana an'ireo voaray naoty aho, Jaona Voalohany 2:1 hatramin'ny 2.

*Rankizy madiniko, izany zavatra izany no nosoratako aminareo, mba tsy hanota*nareo. *Ary raha manota ny olona iray, dia manana solovava iray isika ao amin'ny Ray, dia Jesosy Kristy ilay marina:*

Iza ilay Solovava? Jesosy Kristy ilay marina.

Ary izy no—izy no fanati-panavotana ho an'ny fahotantsika: ary tsy ho an'ny antsika irery ihany, fa ho an'ny fahotan'izao tontolo izao ihany koa.

61 Inona ny Fanahy Masina? Solovava iray Izany. Inona no ataon'ny . . . Inona ny Mpisolovava iray? Inona no Ataony? Manao fiarovana iray. Manana famindrampo Izany. Izany, mijoro eo amin'ny toeranareo Izany. Izany, manao an'ireo

zavatra izay tsy mety vitanareo Izany. Izany, Izany dia—Izany dia fanati-panavotana iray ho an'ny fahotanareo. Izany no fahamarinanareo. Izany no fanasitranana anareo. Izany no Fiainanareo. Izany no fitsangananareo. Izany no rehetra izay ananan'Andriamanitra ho anareo. Solovava iray Izy.

62 Ahoana fa afaka miditra amin'ny antsipiriany miaraka amin'izany isika ka mamelabelatra an'izany, hoe ahoana rehefa Izany—Izany no manao fanelanelanana ho an'ny tsi-fahafantarantsika. Matetika rehefa ny . . . manana ny Fanahy Masina isika, dia mivembena nohon'ny tsi-fahafantarana ao amin'ny zavatra iray. Eo ny Fanahy Masina hanao fiarovana ho antsika. Izy no Mpisolovavantsika. Izy no manohana ny . . . Izy no Mpisolontsika. Mijoro eo Izy ary mandaha-teny ho antsika. Tsy mandaha-teny ho an'ny tenantsika isika, satria ny Fanahy Masina ao anatintsika no mandaha-teny ho antsika. Ny Fanahy Masina no manao ny fitenenana, amin'ny teny izay tsy mety ho azontsika matetika, ary Izy no manao fanelanelanana ho antsika. Izany no Fanahy Masina.

63 Rehefa mandeha ao anatin'ny zavatra iray aho, izaho—mandeha tahaka ny ankizy anankiray aho; ianareo dia mandeha tahaka ny ankizy iray. Isika, mandeha ao anatin'ny tontolo maizina iray feno fahavalo isika, feno fahotana, feno fandrika, feno ny zavatra rehetra.

Hoy ianareo hoe, "Oh, matahotra aho. Matahotra ny haka fiainana Kristiana aho. Izaho, matahotra ny hanao an'*ity* aho. Matahotra aho sao hanao an'*ity*."

Aza matahotra. Manana Solovava iray isika. Amena. Oh, manohana antsika Izy. Ao anatintsika Izy, ary manao fanelanelanana ho antsika Izy. Ny Fanahy Masina, tsy ankitsahatra, tsy ankitsahatra dia manao fiarovana ho antsika, foana. Izy no Mpisolovavantsika. Oh, toy ny ahoana no isaorantsika an'Andriamanitra ny amin'izany!

64 Tombokase iray, famantarana iray, ny Fanahin'Aina, ilay Andriamanitry ny Lanitra, ilay Mpampionona, ilay Fiainana, ilay Solovava. Inona Izy? Oh, oadray! Afaka hanohy mandritry ny ora maro isika amin'izany.

65 Hanova isika ankehitriny mandritry ny iray minitra fotsiny. Ankehitriny dia hangataka isika ankehitriny . . .

Nampanantenaina antsika amin'ireo andro farany! Io Solovava io, tombokase, teny fikasana, ny zavatra rehetra izay noresahantsika mikasika Azy izao hariva izao, miaraka amin'ny an'aliny maro, Izany no natao teny fikasana iray ho antsika amin'ny andro farany.

Tsy nanana an'Izany izy ireo tamin'io andro io. Nanana tombokase iray teo amin'ny nofony fotsiny izy ireo, ho antoka iray sy famantarana iray, teo am-pinoana fa ho avy Izany, ka

nandeha tamin'ny aloky ny lalàna izy ireo. Fa, voafora tamin'ny nofo izy ireo.

66 Amin'izao andro izao dia tsy mandeha amin'ny aloky ny lalàna isika. Mandeha amin'ny herin'ny fitsanganana isika. Mandeha amin'ny herin'ny Fanahy isika, Izay tombokasentsika marina, Solovavantsika marina, Mpampionona antsika marina, famantarantsika marina hoe isika dia nateraka avy any Ambony; olona hafa, mahatsikaiky, mihetsika hafahafa, mandray an'Andriamanitra amin'Ny Teniny, miantso ny zavatra hafa rehetra ho diso. Ny Tenin'Andriamanitra no marina. Izany no . . . Oh, oadray! Izany no Fanahy Masina.

67 Mila Azy ve ianareo? Tsy ho tianareo ve ny hanana Azy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ndao jerentsika raha Izany no nampanantenaina.

Ndao isika ankehitriny hiverina amin'ny Isaia, ny Bokin'ny Isaia. Ndao isika haka ny toko faha-28-n'ny Isaia. Ankehitriny handeha ao amin'ny Isaia 28 isika, ary hanomboka eo amin'ny . . . Ndao isika haka ny andininy faha-8, hahita izay nolazain'i Isaia, roa ambin'ny folo sy fitonjato taona talohan'ny nahatongavan'Izany.

68 Afaka milaza betsaka mikasika an'izao isika, miverina any aoriana, tany aoriana indrindra rehetra, saingy hanomboka eto fotsiny isika ka hahita raha Izany no nampanantenaina an'ilay Fiangonana. Andro inona no natao Hahatongavany? Eo amin'ireo andro farany, izay hisy ny—ny fahalòvana. Tsarovy ankehitriny, ilay teny dia natao ao amin'ny maro, "ireo andro," ireo roa andro farany, ireo roa arivo taona farany.

Ankehitriny, ankehitriny ny andininy faha-8.

Ny rehetra, *fa ny latabatra rehetra dia feno . . . loto, ka tsy misy* toerana madio.

69 Zahao ny manodidina androany mba hahitana an'izany. Mijere ny manodidina dia jereo raha ao amin'izany andro izany isika. "Ny latabatra rehetra!" Nahoana, mandeha eo amin'ny Sakafon'ny Tompo izy ireo, ary ny zavatra voalohany, eo amin'ilay lafiny materialy, dia mandray silaka mofo fotsy tranainy iray na mofo maina iray, ary manapaka an'izany ka manao ny fandraisana. Nefa, natao ho amboarin'ireo tànan'ny Fanahy Masina izany, ary mofo tsy misy masirasira. Tsy maloto sy feno loto Kristy, ary izany dia maneho Azy.

70 Zavatra hafa iray, izy ireo dia manome an'izany ho an'ny olona izay misotro, mandainga, mangalatra, mifoka, mihinam-paraky, (fioo!) ny zavatra rehetra mihitsy, raha mbola mikambana amin'ilay fiangonana foana izy ireo. Lavitra an'izany! Raha mba mandray an'izany ny olona iray rehefa mihinana an'io isika eto, dia misintona sy misotro ozona ho an'ny tenany izy, tsy mamantatra ny Vatan'ny Tompo. Raha tsy miaina an'ilay fiainana izy, dia mialà lavitra an'izany.

Ary raha tsy mandray an'izany ianareo, dia izany no maneho fa meloka ny fieritreretanareo manokana. "Izay tsy mihinana, dia tsy manana anjara Amiko," hoy Jesosy.

71 Fa lasa feno loto ny latabatry ny Tompo rehetra. Tsy misy toerana iray madio. Henoy, raha tsy izany no sarin'izao andro izao!

> *Ho an'iza no*. . . iza *no hampianariny fahalalana? ary ho an'iza no hanaovany*. . . *hampahafantariny foto-pampianarana?*. . .
>
> . . . iza no hahazo *fahalalana?*. . . iza no afaka *hampahafantarany foto-pampianarana?*. . .

"Eny, isaorana Andriamanitra, Presbyterana aho. Metodista aho. Pentekotista aho. Nazareana aho. Mpivahiny Masina aho." Tsy midika zavatra iray amin'Andriamanitra izany; latabatra hafa iray fotsiny.

> . . . iza no hampahafantariko *foto-pampianarana?*. . .

72 Karazana foto-pampianarana inona; Metodista, Batista, Presbyterana, Pentekotista? Ny Foto-pampianaran'ny Baiboly!

> . . . iza no hampahafantariko *foto-pampianarana?*. . .

73 Ahoana no ahafantaranareo rehefa nahazo Azy ianareo? Hiditra eo amin'izany isika amin'ny Zoma hariva. Hitanareo?

> . . . iza no hampahafantariko *foto-pampianarana?* (ankehitriny diniho) *ireo izay niala nono ve, sy nitsaha-nono*.

74 Hoy ireo zaza kely hoe, "Eny, mandeha any am-piangonana aho, mikambana amin'ity fiangonana ity ny mamako." Tsy manana na inona na inona manohitra an'izany aho, ry rahalahy malala. Ary fantatro fa raisim-peo ity. Tsara daholo izany, mikambana amin'ny fiangonan'i mama. Saingy, henoy, nandeha tao amin'ny hazavana anankiray i mama, ianareo mandeha ao amin'ny iray hafa.

75 Nandeha tao amin'ny hazavana anankiray i Luther; Wesley nandeha tao amin'ny iray hafa. Nandeha tao amin'ny hazavana anankiray i Wesley; ny Pentekosta nandeha tao amin'ny iray hafa. Fa mandeha eo amin'ny ambonimbony kokoa noho izany isika amin'izao andro izao. Ary raha misy taranaka hafa iray, dia handeha hihoatra antsika izany.

76 Tany amin'ireo andro voalohany tany, rehefa nalalaka ilay zavatra, tena nalalaka, dia nampianatra ny fanamarinana amin'ny finoana i Luther. Izany dia ny hitondrana ny olona fotsiny avy ao amin'ny Katolisisma ho ao amin'ny Protestantisma, ho ao amin'ny fiombonana manodidina ny Teny. Fanamarinana amin'ny finoana, izany dia faritra goavana malalaka iray. Tsy nihetsika niala tamin'io mihitsy izy ireo.

77 Avy eo dia tonga ny fifohazana hafa iray nantsoina hoe John Wesley. Nanozongozona azy ireo niala tamin'io izany, ary nitondra azy nankao amin'ny fanamasinana, miaina fiainana tsara iray, madio, masina, nohamasinin'ny Tenin'Andriamanitra, manome fifaliana ao am-ponareo. Nanafoana foto-pampianarana Loterana betsaka izany.

78 Avy eo dia tonga ny Pentekosta niaraka tamin'ny batisan'ny Fanahy Masina, ary niha-tery indray izany, tamin'ny fandraisana ny Fanahy Masina. Marina izany.

Ary manomboka mihena izany ankehitriny. Ary ireo fanomezam-pahasoavana, sy ny famerenana, ary ny Fanahin'Andriamanitra dia niditra, tao amin'ny fahafenoan'ireo famantarana sy fahagagana, tao amin'ilay Fiangonana, ka nanozongozona ny Pentekosta. Inona izany? Tena akaikin'ny Fihavian'ny Tompo Jesosy isika, hany ka ilay tena Fanahy izay tao Aminy mihitsy no miasa ao amin'ilay Fiangonana, manao an'ireo tena zavatra iray ihany izay Nataony fony Izy teto antany. Tsy mbola nisy mihitsy izany na taiza na taiza, hatrany amin'ny andron'ireo apostoly tany aoriana ka hatramin'izao andro izao.

Nahoana? Hitanareo, malalaka ilay izy; miha-tery, miha-tery, miha-tery. Inona izany? Tahaka ny tànanareo manatona eo amin'ny aloka fotsiny; ilay negatifa, negatifa, negatifa. Fa inona izany? Taratra iray izany. Inona i Luther? Taratra iray an'i Kristy. Inona i Wesley? Taratra iray an'i Kristy.

79 Jereo, vao avy nifarana ny taonan'i Billy Sunday. Indray andro, ny Dr. Whitney antitra, dia nampianatra teto ambonin'ity polipitra ity mihitsy, ilay anankiray farany avy amin'ny sekoly tranainy, maty, teo amin'ny sivifolo taona, heveriko. Billy Sunday no mpanao fifohazana iray ho an'ireo fiangonana ara-anarana tamin'ny androny. Tsy nisintona totohondry izy; nitsangana teo ary niantsoantso hoe, "Ianareo Metodista rehetra mandrosoa eo amin'ny làlan-kely misy taim-bakona, ireo mpitory teny sy ny rehetra! Ianareo Batista rehetra mandrosoa eo amin'ny làlan-kely misy taim-bakona! Ianareo Presbyterana!" Tsy nisintona totohondry izy. Izy no Billy Graham an'io andro io.

80 Mariho. Ary avy eo, tamin'ny fotoana iray ihany izay nahazoan'ilay fiangonana ara-anarana ny fifohazany, dia inona no niseho? Nanana fifohazana iray ny Full Gospel. Teo no niseho ry Bosworth mirahalahy, Smith Wigglesworth, sy Dr. Price, Aimee McPherson, ireo rehetra ireo.

Jereo, maty i Smith Wigglesworth indray alina. Maty Dokotera Price ny ampitso maraina. Tao anatin'ny efatra amby roapolo ora taty aoriana dia teny amin'ny saha aho.

81 Ankehitriny dia manatona ny fiafarako. Jereo ny . . . Tsy mandre betsaka ny amin'i Billy Graham ianareo. Tsy mandre betsaka ny amin'i Oral Roberts ianareo. Mahita an'ireo fivoriako

miha-maloka aho. Inona ny olana? Eo amin'ny farany isika izao, taona hafa iray.

82 Ahoana no nidiran'i Billy Sunday, sy izy ireo? Niditra mihitsy taorian'ilay fifohazana lehibe an'i Moody izy ireo. Oviana no niditra i Moody? Taorian'ny fifohazan'i Knox mihitsy. Oviana i Knox no niditra? Taorian'ny fifohazan'i Finney mihitsy. Finney taorian'i Calvin, Calvin taorian'i. . . Noho izany, Wesley, ary Wesley taorian'i Luther. Nitohy nanerana an'ilay taona no nahatongavan'izany. Vantany vao mifarana ny fifohazana anankiray, dia manangana iray hafa Andriamanitra ary manao Hazavana bebe kokoa; mitohy mandroso tahaka an'izany fotsiny.

83 Ankehitriny dia eo amin'ny fiafaran'ity fotoana ity isika izao. Ny olona tsirairay dia nijery ny fiafaran'ny fihaonany ho an'ny Fihavian'i Kristy, saingy nanana betsaka andrasana izy ireo; ny fiverenan'ireo Jiosy, ireo zava-boribory manidina eny amin'ny lanitra, ireo zavatra rehetra izay hitantsika amin'izao andro izao. Fa eo amin'ny farany isika izao. Eto isika ankehitriny. Fantatr'izy ireo fa ilay Fiangonana dia tsy maintsy handray Hery izay hiasa an'ireo asan'i Kristy iray ihany ao amin'ilay Fiangonana, satria rehefa lasa miha-lalina sy miha-lalina ilay aloka, dia mitaratra bebe kokoa.

84 Makà aloka iray ianareo. Raha lavitra an'ilay aloka, dia taratra kely no azonareo amin'ilay aloka. Afaka kelikely, miha-manakaiky sy miha-manakaiky ilay aloka, hany ka zavatra iray ihany ilay hazo sy ilay aloka.

85 Ankehitriny, efa niasa teo ambanin'ny fanamarinana ny Fanahin'Andriamanitra, teo ambanin'i Luther; ny fanamasinana, teo ambanin'i Wesley; ny batisan'ny Fanahy Masina, teo ambanin'ny Pentekosta; ary indro Izy ao amin'ilay andro farany, manatanteraka sy manao an'ireo tena zavatra iray ihany mihitsy izay Nataony fony Izy tao amin'i Kristy. Inona izany? Lasa Iray ny Fiangonana sy Kristy.

Ary vantany vao miara-mifandray Izy ireo, io fitohizana farany io, dia handeha hitety ny lanitra Izy, hikiakiaka. Hitsangana i Wesley, Luther, ary ny sisa rehetra tamin'ireo tao amin'ireo andro tany aoriana, "izay voalohany no ho farany, izay farany no ho voalohany," ary ho tonga ny fitsanganana.

86 Eo amin'ny andro farany isika izao. Henoy, izany no ataon'ny Fanahy Masina. Ny Fanahy Masina, tamin'ny alàlan'ny fanamarinana, hitanareo, dia aloka maivana iray an'Izany; ny Fanahy Masina, tamin'ny alàlan'ny fanamasinana, dia aloka kely iray lalina kokoa an'Izany; ny Fanahy Masina, tamin'ny alàlan'ny batisan'Izany, dia aloka iray lalina kokoa; ankehitriny ny Fanahy Masina, tamin'ny alàlan'ny famerenana ny tena maha-Olona Azy mihitsy dia ato, manao an'ireo famantarana sy fahagagana tahaka ny Nataony tany amin'ny voalohany. Fioo! Voninahitra!

Raha hiantso ahy "holy-roller," na ahoana na ahoana, dia tsara aminareo ny manomboka dieny izao.

87 Henoy, rahalahy, henoy ity.

> . . . *feno lò ny latabatra rehetra . . . tsy misy* toerana madio.
>
> Iza *no hampianarina fahalalana? . . . iza no* hampahafantariny, *hahazo foto-pampianarana? ireo izay niala-nono ve, sy nitsaha-nono.*

Tsy ireo zaza kely; zazakely Presbyterana, zazakely Metodista, zazakely Pentekotista, zazakely Loterana, zazakely Nazareana. Izy dia mila olona izay manaiky hiala amin'ny nono ka hihinana sakafo matanjaka iray. Ity ilay izy:

> *Fa didy hanampy didy, . . . hanampy didy; fitsipika hanampy fitspika, . . . hanampy fitsipika; kely eto, ary kely etsy:*
>
> *Fa avy amin'ny molotra miambakambaka sy* fiteny hafa *no hitenena*ko *amin'ity vahoaka ity.*
>
> *Izay nilazany hoe, Ity no fitsaharana* izay *ampitsaharanareo ny reraka; ary ity no famelombelomana: kanefa tsy nety nihaino izy ireo.*

88 Ny Fanahy Masina, raha tsy izany mihitsy no fomba Nahatongavany tamin'ny Andron'ny Pentekosta, naminaniana roa ambin'ny folo sy fitonjato taona talohan'ny Nahatongavany! Indro Izy tamin'ny Andron'ny Pentekosta, tonga marina tokoa.

89 Hoy ny olona iray hoe, "Mitandrina andro sabata iray." Tsy mandà na manamaivana fiangonan'olona iray aho na fivavahana. Fa nanao hoe, "Ny andro sabata, ny sabatan'Andriamanitra dia andro fitsaharana."

Ity no andro fitsaharana. [Maka ny Baiboliny Rahalahy Branham—Mpand.] "Ity no fitsaharana," hoy Izy, "izay ampitsaharanareo ny reraka." Ity izany. Amena! "Izany dia ho didy hanampy didy, fitsipika hanampy fitsipika." Ity no fitsaharana. Inona ny Fanahy Masina? Ny fitsaharana. Oh!

> *Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa izaho hanome anareo fitsaharana.*

90 Inona Izy? Ilay Anankiray izay miditra ao anatinareo, manome fiadanana ho anareo; famantaranareo, Mpampionona anareo; nampionona, eo amin'ny fitsaharana, voaisy tombokase.

91 Ahoana ianareo . . . ? Famantarana iray Izany; izao tontolo izao dia mahafantatra fa nisy zavatra nitranga taminareo. Inona Izany? Mampionona iray Izany. Inona Izany? Tombokase iray. Eo amin'ny fitsaharana ianareo. Ianareo dia manana . . . Solovavanareo Izany. Raha, ianareo, misy zavatra mitranga aminareo, dia misy Zavatra iray eo manao fiarovana iray ho

anareo avy hatrany, hitanareo, manao fanelanelanana. Izany no Fanahin'Andriamanitra miaina ao anatin'ny Fiangonana, naminaniana marina tokoa hoe ho inona Izy rehefa tonga Izy. Izany dia ho mandrakizay iray, fitsaharana Mandrakizay.

92 Nanao an'izao tontolo izao Andriamanitra. Hebreo, ny toko faha-4. "Nanao an'izao tontolo izao Andriamanitra, ary nitsahatra tamin'ny andro fahafito." Marina izany.

Niverina ny andro fahavalo, teo ambanin'ny . . . Nomeny ny Jiosy izany ho fanekena iray, ho an'ny fotoan'andro iray. Marina izany. Saingy mandeha izy ireo ka mitsahatra andro iray; miverina, ny andro voalohan'ny herinandro, manomboka miverina indray, vaovao, manomboka miverina. Tsy izany no fitsaharana izay notenenin'Andriamanitra.

Rehefa nanao an'izao tontolo izao tao anatin'ny enina andro Andriamanitra, rehefa nandeha nitsahatra Izy, dia nitsahatra nanomboka teo Izy. Marina izany. Nilamina hatreo izany. Tsy niverina Izy ny andro fahavalo ka nanomboka indray.

93 Aloka iray fotsiny ihany izany. Ankehitriny, tandindona iray izany, tahaka ny volana amin'ny masoandro; fa rehefa miakatra ny masoandro, dia tsy mila ny volana intsony isika. Ankehitriny mariho ity, oh, ao amin'ny Apokalypsy 11, "Ilay vehivavy niaraka tamin'ny volana teo ambanin'ny tongony, ary ny masoandro teo amin'ny lohany." Oh, afaka mitety ny Baiboly isika, isaky ny pejy, ka haneho aminareo. Hitanareo?

94 Fa inona izany? Nefa, ny Baiboly no nilaza ao amin'ny Hebreo ny toko faha-4 hoe, "Raha nanome azy ireo andro fitsaharana iray Jesosy, dia ho niteny an'izany Izy taorian'izany; ho niteny andro fitsaharana iray Izy." Andro inona no Noresahany, fitsaharana iray?

> *Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa izaho hanome anareo fitsaharana.*

95 Matio ny toko faha-11, andininy faha-22 . . . Jereo, avy eo, hitantsika hoe rehefa manatona Azy isika. "Fa izay," hoy Hebreo 4, "niditra tao amin'ny fitsaharan'i Jesosy, dia nitsahatra tamin'ny asany an'izao tontolo izao, tahaka an'Andriamanitra tamin'ny Azy," rehefa nanao an'izao tontolo izao Izy, tsy niverina tamin'izany intsony indray. Mandra-pahoviana? [Mandondòna ny polipitra intelo Rahalahy Branham—Mpand.] Mandra-pahoviana no nanisian'ny Fanahy Masina tombokase anareo? "Hatramin'ny andro fanavotana anareo." Izany io fitsaharana io, fiononana, Solovava, tombokase, Mpanafaka. Oh! [Mitehaka ny tànany miaraka indray mandeha Rahalahy Branham.] Lasa taitaitra kely aho, na lasa voatahy kely. Oh!

96 "Izany ve no nampanantenaina antsika, Rahalahy Branham? Voaporofon'ny Baiboly ve izany?"

Eny àry, ndao isika handeha ao amin'ny Joela, hahita izay nolazain'i Joela mikasika an'Izany.

Toy ny ahoana no ankasitrahako ny Tenin'Andriamanitra voatahy! Tianareo ve Izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Heveriko fa raha tsy ho an'ny Teny izany, dia tsy fantatro hoe aiza isika no mitsangana. Eny àry.

Ao amin'ny Joela isika ankehitriny. Handeha ao amin'ny Joela isika, ny toko faha-2-n'ny Joela, ary hanomboka amin'ny andininy faha-28 isika. Joela 2:28, valonjato taona talohan'ny fihavian'i Kristy, ilay mpaminany tao amin'ny Fanahy. Henoy ankehitriny.

> *Ary izao no hiseho* aorian'izany, *fa handatsaka ny fanahiko amin'ny nofo rehetra aho;. . .ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany, ny lahiantitrareo hanonofy,* ary *ny zatovonareo hahita fahitana:*
>
> *Ary eo amin'*ireo *mpanompolahiko ihany koa sy eo amin'*ny mpanompovaviko no handatsahako amin'izany andro izany. . .*handatsahako,* amin'ireo andro ireo, avy amin'*ny fanahiko.*
>
> *Ary izaho* haneho *fahagagana eny amin'ny lanitra* ambony *sy ety amin'ny tany, rà,. . .afo, ary andrintsetroka.*
>
> *Ny masoandro hivadika ho aizina, ary ny volana ho rà, alohan'ilay lehibe sy. . .andro mahatahotra an'ny* TOMPO izay *ho avy.*
>
> *Ary izao no hiseho, fa na iza na iza no hiantso eo* amin'*ny anaran'ny* TOMPO *dia ho afaka:*

97 Izany dia ny. . .Oh! Inona? Joela! Efa voamarikareo ve? Ao amin'ny Asa 2, fa naka an'ilay andininy iray ihany i Petera. Hoy izy, "Ianareo lehilahin'ny Isiraely, henoy ny teniko. Tsy mamo ireo," io vahoaka voaisy tombokase io, nampiononina, hafa, voaisy marika. "Tsy mamo ireo, araka ny heverinareo," Asa 2, "satria ora fahatelon'ny andro izao. Fa izao ilay nampilazaina an'i Joela mpaminany, nanao hoe, 'Izao no hiseho amin'ny andro farany fa Izaho handatsaka Ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra.'"

98 Inona Izany, inona ny Fanahy Masina? Eny àry, ndao isika ankehitriny hanamarika indray, nampanantenaina ny mpino, izany ilay Izy. Ankehitriny, io Fanahy Masina io, ho hitantsika hoe inona Izany, iray minitra fotsiny. Ho an'iza no nampanantenaina Azy? Ho an'ny mpino.

Ndao isika handeha ao amin'ny Lioka ankehitriny, ny toko faha-24-n'ny Lioka, henoy izay nolazain'i Jesosy tao amin'Ireo Teniny farany talohan'ny Nandaozany ny tany. Lioka ny toko faha-24. Ary ianareo izay maka naoty an'izao ankehitriny, dia afaka mandray naoty azy, avy eo dia ianaro izany rahampitso

rehefa manana fotoana betsaka ianareo. Ankehitriny, Lioka 24:49, henoy ny fitenin'i Jesosy. Teo amin'ny farany, rehefa niakatra nankany amin'ny Voninahitra Izy, ny fiakarana, ity ireo Teny izay Nolazainy tamin'ireo Mpianany.

. . . indro, izaho mandefa ny teny fikasan'ny Raiko . . .

Teny fikasana inona? Ilay tombokase, ilay famantarana, ilay Mpampionona, ary ireo zavatra rehetra izay noteneniko, in'arivony mihoatra.

. . . izaho maniraka ny teny fikasan'ny Raiko ho aminareo: . . .

Teny fikasana inona? "Ilay anankiray izay nolazain'i Isaia fa ho tonga hoe, 'Amin'ny molotra miambakambaka sy fiteny hafa no Hitenenako amin'ity vahoaka ity.' Handefa an'io fitsaharana io ho aminareo Aho. Handefa an'izay notenenin'i Joela Aho, hoe, 'Izao no hiseho amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, Izaho handatsaka Ny Fanahiko ho aminareo.' Oh, Izaho handefa ho anareo, ary hanao ny firenena rehetra, ny vahoaka rehetra, manomboka ao Jerosalema . . . Hampiditra ny taranak'i Abrahama ao ambanin'io fanekena io Aho. Hanisy tombokase ny tsirairay avy amin'izy ireo Aho. Hitanareo, handatsaka Ny Fanahiko Aho."

. . . izaho no *handefa ny teny fikasan'ny Raiko ho aminareo: fa mahareta ianareo,* izay midika hoe, miandrasa *ao an-tanànan'i Jerosalema, mandrapahatonga* anareo ho *voatafy hery avy any amin'ny avo.*

99 Inona àry ny Fanahy Masina? "Hery avy any amin'ny Avo!" Tsy hery avy amin'ny eveka, tsy hery avy amin'ny fiangonana. Fa, "Hery avy any amin'ny Avo!"

100 Ahoana no nahatongavan'io Hery io? Tamin'ny alàlan'ny "fikambanana amin'ny fiangonana ve"? Mihaika anareo aho hanao, hilaza fa marina izany. Amin'ny alàlan'ny "fikambanana amin'ny fiangonana iray ve, fandraisan-tànana amin'ilay mpitory teny"? Tsia, tompoko. Ankehitriny, ho anareo Katolika, "mamoaka ny lelanareo sy mandray ny kominio voalohany ve"? Tsia, tompoko.

101 Ahoana no Nahatongavany, ny Hery avy any amin'ny Avo? Ndao isika hamaky lavidavitra kely. Ndao isika handeha ao amin'ny Asa 1:8. Mivory miaraka izy ireo ankehitriny. Ankehitriny dia niresaka ny amin'i Jesosy izy ireo eto, rehefa nivory niaraka, ary nanendry hafa iray haka ny toeran'i Jodasy. Asa 1:8.

Fa hahazo hery ianareo, rehefa tonga eo aminareo io *Fanahy Masina io: . . .*

Inona? "Lasa mambran'ny Branham Tabernacle ve ianareo"? Tsia. "Lasa mambran'ny fiangonana Metodista ve ianareo, ny

fiangonana Katolika, ny Presbyterana"? Tsy izany, ny ao amin'ny Baiboly. Foto-pampianarana nataon'olona izany.

"Fa hahazo Hery ve ianareo rehefa avy lasa mpitory teny iray"? Tsia, tompoko. "Hahazo Hery ve ianareo rehefa avy nahazo ny Bakaloreanareo an'ny Literatiora"? Tsia, tompoko. "Ianareo ve dia ha-. . . tonga ve ny Hery rehefa avy nahazo ny DD-nareo ianareo"? Tsia, tompoko. "Hahazo Hery ve ianareo rehefa avy natao batisa tao anaty rano"? Tsia, tompoko. "Hahazo Hery ve ianareo rehefa avy nandray ny kominio voalohany"? Tsia, tompoko. Hitanareo, karazan-javatra nataon'olona daholo izany.

102 Henoy izay nolazain'ny Baiboly, izay nolazain'i Jesosy.

> . . . *hahazo hery ianareo, rehefa tonga eo aminareo ny Fanahy Masina:* (inona ny Fanahy Masina? ilay Hery) avy eo, aorian'io, ianareo *dia ho vavolombelona* . . . ("Ianareo roa ambin'ny folo fotsiny ve, ianareo no vavolombelona any Jerosalema"?) . . . ianareo *no ho vavolombelona* ho *ahy sady any Jerosalema,* . . . *Jodia,* . . . *Samaria, ary* hatrany *amin'ny* ampahany farany *an'ny tany.* (Izay tsy mbola tratra mihitsy.)
>
> *Ary rehefa nilaza an'izany zavatra izany izy,* . . . *rehefa nilaza an'izany zavatra izany izy, raha mbola nandinika* azy *izy ireo, dia nakarina izy tao* anatin'ny *rahona* ary *noraisina* . . . *tsy hitan'ny mason'izy ireo.*

103 Ankehitriny mivadiha avy hatrany eo am-pitan'ilay pejy, diniho ireo faminaniana izay miseho.

> *Ary rehefa* tonga *ny andron'ny Pentekosta, izy ireo dia tao* amin'ny iray . . . *iray saina izy rehetra tao amin'ny toerana iray.*

"Ary tampoka teo ve dia niditra ilay pasitera ka . . . "? Tsy ao amin'ilay laharana aho eto, sa tsy izany? "Tampoka teo ve dia nandroso teo amin'ny alitara ilay pretra"? Tsia.

> *Ary tampoka dia tonga ny feo iray* . . .

Tsy mody mino iray fotsiny; teo Izany, feo iray.

"Nanatona ny varavarana ve ny mpitoriteny iray"? "Nanao ny kominio ve ilay pretra, nivoaka avy tao amin'ilay toerana masina"? Tsia, tsy misy na inona na inona tahaka an'izany.

> . . . *tonga ny feo iray avy tany an-danitra* . . . (Tsy fikasaosaokan'ny tongotra iray) . . . *tonga ny feo iray avy tany an-danitra toy ny* . . . *rivotra mahery iray nifofofofo* (oh, oadray! Whooosh! . . . ? . . .) . . . *ka nameno ny trano rehetra izay nipetrahan'izy ireo izany.*

104 Inona ny Fanahy Masina? Eo no andraisan'izy ireo ny Hery. Eo no nasaina niandry izy ireo; eo no nitranga izany rehefa nataon'izy ireo ilay izy. Ny naminaniana rehetra,

hatrany amin'ny Genesisy miakatra mihitsy, hatrany amin'i Abrahama mihitsy mitohy manerana; ho tonga Izany, ary ahoana no Hahatongavany, sy ireo vokatra ho tonga. Inona Izany? Nampanantenaina an'ilay Fiangonana, ho an'ireo mpino.

> . . . ka *nameno ny trano rehetra izay nipetrahan'izy ireo.*
>
> *Ary nisy lela maro niseho tamin'izy ireo tahaka ny . . . ny afo, ka nipetraka teo ambonin'ny tsirairay tamin'izy ireo izany.*
>
> *Ary feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka* nanomboka *niteny tamin'ny fiteny hafa, arak'izay fitenenana nomen'ny Fanahy azy ireo.*

Ankehitriny dia ho tonga eo amin'izany isika, amin'ny Zoma hariva. Havelantsika eo mihitsy izany, hitanareo.

105 Ahoana Izany? Izany dia teny fikasana iray ho an'ny Fiangonana, tena teny fikasana iray tanteraka. Eny àry.

106 Ankehitriny, hahita isika ankehitriny, rehefa avy nofenoina izy ireo, dia mandra-pahoviana no naha-voaisy tombokase azy ireo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Hatramin'ny andro fanavotana."—Mpand.]

Firy ato no manana ny Fanahy Masina? Aoka ho hita ny tànanareo. Maro no manana ny Fanahy Masina nohon'ny tsy manana. Tianay ho isanay ianareo, rahalahy, ranabavy. Rehefa azonareo hoe inona Izany, Izany dia . . . Izany no Fanahin'Andriamanitra monina ao anatinareo, mba hanao an'ireo asan'Andriamanitra.

Rehefa mba nandefa Ny Fanahiny ho an'ny iray amin'ireo Mpanompony Andriamanitra, iray amin'ireo Mpaminaniny, iray amin'ireo Mpampianany, iray amin'ireo Apostoliny, dia lavin'izao tontolo izao foana izy ireo. Noheverina ho adala izy ireo, tao amin'ny taona rehetra izay nisy. Na dia i Paoly aza rehefa nitsangana teo anatrehan'i Agripa, dia hoy izy hoe, "Amin'ny fomba iantsoana an'izany ho fahaverezan-tsaina . . . " Inona ny *fahaverezan-tsaina*? "Adala." "Amin'ny fomba izay iantsoan'izy ireo hoe adala, andiana bilao, dia izany no fomba hanompoako ny Andriamanitry ny razantsika." [Mitehaka ny tànany miaraka indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan'izy ireo aho. Eny, tompoko. Marina izany. Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan'izy ireo aho.

107 Ankehitriny, taorian'ny nilatsahan'io Fanahy Masina io teo amin'izy ireo, dia nanao azy ireo ho tena malalan'ny fo Izany hany ka niraisana ny zavatra rehetra. Marina ve izany? Oadray, oadray, fiombonana toy ny inona! Matetika isika no mihira an'ilay hira hoe, "Oh, fiombonana toy ny inona! Oh, fifaliana Masina toy ny inona!" Izany ilay izy. Tsy nahoan'izy ireo,

tsy nahoan'izy ireo raha ny—nihiratra ny masoandro na tsy nihiratra. Tsy nangataka fandriam-piadanana misy voninkazo izy ireo.

"Ankehitriny, handray ny Fanahy Masina aho," hoy ny olona sasany amiko, "Atoa. Branham, raha hiantoka ahy ianao fa ho lasa mpanapitrisa iray aho, raha hiantoka ahy ianao fa hahita dobon-tsolika aho, ary raha hahita toerapitrandrahana volamena aho, ka izaho—izaho . . ." Hitanareo, izany no ampianarin'ny olona, ary mampianatra lainga izy ireo. Tsy nampanantena an'izany zavatra izany Andriamanitra.

108 Ny olona iray izay hany mandray ny Fanahy Masina dia tsy miraharaha na hangataka mofo izy, na tsia. Tsy manao fahasamihafana aminy izany. Olona iray an-dàlana mankany An-danitra izy. Izy tsy . . . Izy tsy manana fatorana eto, mihitsy. Marina izany. Tsy ahoany. Aoka ho avy, aoka handeha, izay mety. Avelao izy ireo hanakiana, haneso. Very ny lazanareo, inona no ahianareo? Eo amin'ny làlanareo mankany amin'ny Voninahitra ianareo! Haleloia! Mifantoka eo amin'i Kristy ny masonareo, ary eo amin'ny làlanareo ianareo. Tsy raharahanareo izay lazain'izao tontolo izao.

Izany ny Fanahy Masina. Hery iray Izany, tombokase iray Izany, Mpampionona iray Izany, Solovava iray Izany, famantarana iray Izany. Oh, oadray! Izany no antoka fa nandray anareo Andriamanitra.

Adiny firy izay no nalaiko? Valo minitra mahery fotsiny no ananako. Eny àry. Mamelà ahy . . . Manana Soratra maro aho eto. Tsy mihevitra aho hoe afaka hitondra azy ireo, fa isika dia—hiezaka ny tsarantsika indrindra isika.

109 Ankehitriny, rehefa avy nofenoina ny Fanahy Masina ny olona iray, dia mety ve hoe ireo fanenjehana sy ny sisa dia hanao azy tsy maintsy hiverina ka . . . Ankehitriny, tsy ho very izy, mbola zanakalahin'Andriamanitra foana izy, ho izany foana izy, satria mandra-pahoviana ianareo no voaisy tombokase? [Hoy ny fiangonana hoe, "Hatramin'ny andro fanavotana."—Mpand.] Marina izany. Izany no nolazain'ny Baiboly.

110 Ankehitriny, rehefa avy nokapohina ireo mpianatra, nihomehezana izy ireo, nesoina, sy ny sisa, dia nihevitra izy ireo fa izany no fotoana handehanana miaraka vetivety indray. Ndao isika hamadika ao amin'ny—ao amin'ny Asa ny toko faha-4, dia hahita rehefa izy ireo . . . inona no nitranga. Ankehitriny ity dia ho an'ny olona izay efa manana Azy. Asa ny toko faha-4.

Ankehitriny, efa nokapohina i Petera sy Jaona, natao tao antranomaizina, mba hanasitrana, hanana asam-panasitranana iray teo amin'ny vavahadin'ny fiangonana. Firy no mahafantatra an'izany? Nisy lehilahy iray nipetraka teo, somary nandringa tao amin'ny tongony. Tsy afaka namindra izy; efa izany nandritry ny efapolo taona. Dia nandalo i Petera. Ary nilaza izy . . . nanolotra

ny kaopiny, mba hahazo zavatra apetraka ao anatin'ny kaopiny, ho an'ny sakafo.

Ary nasehon'i Petera fa mpitory teny iray feno ny Fanahy Masina izy, tsy nanam-bola izy. Hoy izy—hoy izy hoe, "Tsy manana volafotsy sy volamena aho." Hitanareo, tsy niraharaha an'izany izy. Fa izy dia—dia olona iray an-dàlana ho any An-danitra. Oh, toy ny ahoana no aniriako mba hananantsika fotoana handentehana an'izany vetivety eo, hitanareo. An-dàlana ho any An-danitra izy. Nampiononina izy. Nanana ny Fanahy izy. Nanana ny Hery izy. Nanohy izy ka nanao hoe, "Tsy manana volafotsy sy volamena aho, fa izay ananako no homeko anao."

Tsy isalasalana fa hoy ilay lehilahy hoe, "Inona no anananao, tompoko?"

"Manana finoana aho. Manana zavatra aho ato am-poko izay nanomboka teo amin'ny folo andro lasa teo izay. Tao amin'ny efitra ambony aho tany, ary tampoka teo, ireo teny fikasana rehetra izay nataon'Andriamanitra . . . Efa nandeha niaraka tamin'i Jesosy Kristy nandritry ny telo taona sy tapany aho. Nanjono niaraka Taminy aho, nahazo trondro. Nanao an'ireo zavatra samihafa ireo aho. Ary nahita Azy nanasitrana ny marary aho. Izaho . . . Nanohy niteny tamiko foana Izy hoe, 'Ny Ray ato Amiko; fa rehefa lasa Aho, dia ho tonga ao anatinao Izy.' Noho izany, tsy nety azoko izany. Fa hoy Izy hoe, 'Ankehitriny, tsy manantena anao hahazo an'izany Aho.'"

Tsy azonareo ireo zavatra ireo; raiso fotsiny izy ireo. Tsy mbola azoko foana ilay izy. Ary aza miteny amiko fa mahazo ianareo; satria, tsy mahazo ianareo. Hitanareo? Noho izany, tsy afaka hahazo an'Izany aho, tsy afaka hanazava an'Izany aho; saingy, ny zavatra tokana izay fantatro, dia ananako Izany.

"Eny, eny," hoy ianareo, "tsy ara-siantifika izany." Oh, azo antoka fa izany izy.

111 Jereo ireo hazavana ireo. Rehefa azon'i Benjamin Franklin ilay izy, dia hoy izy hoe, "Azoko ilay izy." Tsy fantany hoe inona no nananany, fa nananany ilay izy. Ary tiako ny olona iray hiteny amiko izao hariva izao hoe inona ny herinaratra. Tsy mbola fantatr'izy ireo foana hoe inona izany, saingy ananantsika ilay izy. Amena. Marina izany. Tsy misy olona mahafantatra hoe inona ny herinaratra. Afaka mampiasa azy izy ireo, manao azy hazava, manao azy hirehitra, manao azy hiasa. Saingy izany dia—ahodin'ny milina izany, silany roa miara-mihodina tahaka an'*izao*. Izany no mamokatra an'io, ary izay ihany no fantatr'izy ireo. Izany no hanome hazavana, ary manana hery ao anatiny izy.

112 Ary izany dia tahaka ny Fanahin'Andriamanitra. Rehefa manana silany anankiray ianareo, izay ianareo, ary ilay silany hafa dia Andriamanitra; ary ataovy miara-mihodina izy ireo

tahaka an'*izao*, fa hanao zavatra ho anareo izany. Marina izany. Hanome Hazavana Izany. Hanome Hery Izany. Tsy fantatrareo hoe inona Izany, ary tsy ho fantatrareo mihitsy hoe inona Izany, saingy fantatrareo rehefa manana Azy ianareo. Zavatra iray azo antoka izany. Ary ho anareo Izany. Anareo Izany. Izany ilay antoka. Marina izany.

Inona no asehon'*io* hazavana io? Misy antoka ao. Izany ilay hazavana.

Mariho izany ankehitriny. Ankehitriny, tsy fantatrareo hoe inona Izany.

113 Fa hoy ireto olona ireto hoe, "Eny," izy ireo dia . . . nilaza izy ireo fa nahafantatra zavatra iray hoe, "fantatray fa tsy mahay izy ireo." Ny sasany mbola "bilao," hitanareo, tahaka ny nolazain'ilay Alemana kely fa izany izy. Hitanareo? Hoy izy ireo, "Tsy mahay izy ireo ary tsy nianatra. Saingy izy ireo dia efa niaraka tamin'ilay Mpanjono, ilay Mpandrafitra tany io, antsoina hoe Jesosy, ho lazaiko anareo, satria manao an'ireo zavatra iray ihany izay Ataony izy ireo."

114 Izany no Fanahy Masina, dia Jesosy miaina ao anatin'ny mpanjono tsy mahay iray, mpandrafitra iray, na inona na inona, mpitory teny tsy mahay, na inona na inona ilay izy. Izany dia lehilahy iray izay te-ho tsy mahay ny amin'ireo zavatr'izao tontolo izao, ka mamela an'i Jesosy hiditra ao aminy, ilay Fanahin'Andriamanitra, ilay tombokase, ilay Mpampionona. Tsy miraharaha mikasika ny laza izy; ny zavatra tokana ilainy dia Andriamanitra.

115 Rehefa nametraka lamina Andriamanitra, dia hoy Izy hoe, "Ianareo Levita rehetra, efa niantso anareo Aho ka nanao anareo ho mpisorona. Ary ianareo rahalahy rehetra, ireo hafa, ireo foko roa ambin'ny folo sy . . . ireo foko iraika ambin'ny folo hafa dia handoa ny ampahafolony aminareo."

"Rehefa, manana vata famarana sivy misy paoma ianareo, dia araraho ho an'ny Levita ny vata famarana anankiray. Rehefa mandroaka ny ondrinareo mandalo ny—ny lalantsara eto ianareo, dia raiso ilay ondry fahafolo. Tsy Ahoako na kely iray izany, na goavana iray, matavy iray, na mahia iray, izany dia ho an'ny Levita.

"Ankehitriny, ry Levita, rehefa azonareo io rehetra io, amin'izay fotoana izay ianareo dia mandoa ny ampahafolony, ihany koa, ho an'ny Tompo. Manao fanatitra ahofahofa ianareo, ireo fanatitra asandratra, ireo fanatitra samihafa. Mandoa ny ampahafolony ho an'ny Tompo ianareo."

116 Hoy Izy, "Mosesy, ho an'ny anjaranao, Izaho no anao." Oh, oadray! Hoy Izy hoe, "Izaho no anjara mahafa-po anao."

Ary izany no Fanahy Masina ho an'ny Fiangonana amin'izao andro izao. Tsy manana volafotsy sy volamena aho, saingy

manana Anjara mahafa-po iray. Haleloia! Fianarana, zara aza aho raha mahay mamaky an'ity Boky ity, saingy manana Anjara mahafa-po iray aho. Tsara izany. Diplaoman'ny dokotera, tsy manana aho; an'ny Ph.D na an'ny LD, na inona na inona hafa. Fa misy zavatra iray ananako, ilay Anjara mahafa-po. Izany ilay anjara izay ilaiko. Izany ilay anjara tian'Andriamanitra ho azonareo. Esory ny sisa amin'ireo zavatra ratsy, ny laza rehetra sy ny zavatra hafa, ka mandrosoa ary raiso ny Anjara mahafa-po an'Andriamanitra.

117 Satria, izay azonareo avy amin'ity tany ity, dia havelanareo eto rehefa lasa ianareo. Fa raha manana an'io Anjara mahafa-po io ianareo, dia Izany no hampakatra anareo tena azo antoka mihitsy. Maka fiantohana foana isika, amin'izao andro izao, mba hanome an'ilay mpandevina. Ndao isika haka ny Anjara mahafa-po an'Andriamanitra, dia hahazo an'ilay Mpaka-Miakatra raha tokony ho ilay mpandevina. Fantatrareo, samy miasa izy roa ireo.

118 Ankehitriny dia ndao isika hijery.

> *. . . rehefa nalefa, dia nandeha nankeo amin'ny namany manokana izy ireo, . . .*

Tsy niverina nankany amin'ireo mpisorona. Hitanareo, izany no naneho fa nanana Azy izy ireo. Tsy nandeha niverina tany amin'io zavatra tranainy, mangatsiaka, ara-pototra io indray izy ireo, tsia; niverina ka nanao hoe, "Ankehitriny jereo eto izay nataon'izy ireo taminay!" Tsia, tsia. Nanana ny namany manokana izy ireo. Teo amin'ny roa ambin'ny folo tamin'izy ireo fotsiny no teo, saingy namana iray ampy izany, olona eran'ny tànana kely.

> *. . . rehefa nalefa, . . .*

Rehefa avy nikapoka azy izy ireo sy nandrahona azy, dia nanao hoe, "Raha mbola manao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy indray ianareo!" Na, oh, ny tiako nolazaina dia ny. . . Eny, marina izany. Hitanareo? "Raha mbola mitory amin'ny Anaran'i Jesosy indray ianareo, na inona na inona ataonareo, dia ho azonay ianareo!"

119 Hoy izy ireo, "Fioo, tena fandrahonana izany. Ndao isika handeha ho any amin'ny sisa amin'ireo rahalahy." Oh, izany ilay fomba. Ao amin'ny firaisana no misy ny hery. Ao amin'ny firaisana no misy ny hery. Hoy izy ireo, "Ndao isika handeha ho any amin'ny sisa amin'ireo rahalahy ka hahita izay azontsika hatao."

120 Ankehitriny dia tonga niaraka izy rehetra ka niteny an'ireo fahatsapana samihafa.

> *. . . rehefa nalefa, dia nandeha nankeo amin'ny namany manokana izy ireo, ka nanambara an'izay*

rehetra nolazain'ny lohan'ny mpisorona sy ireo *loholona tamin'izy ireo.*

Ary rehefa avy *nandre an'izany izy ireo, dia nanandratra ny* feony *tamin'Andriamanitra tamin'ny saina iray izy ireo, . . .*

Henoy ankehitriny izay nolazain'izy ireo. Diniho izy, diniho izy ireo, tsy niverina ka nanao hoe, "O . . ." zavatra anankiray hafa mikasika ny hoe, "O Tompo, tena miala tsiny aho . . ." Tsia. Efa voavonjy izy ireo. Efa feno ny Fanahy izy ireo. Efa nanana Fiainana Mandrakizay izy ireo.

. . . nanandratra ny feony . . . tamin'ny saina iray, ka nanao hoe, Tompo, ianao no Andriamanitra, . . .

Amena! Tiako mihitsy izany, Rahalahy Palmer. Tiako izany.

. . . ianao no Andriamanitra (fantatsika izany) *izay* efa *nanao ny* lanitra*, sy ny tany, sy ny ranomasina, ary izay rehetra ao anatin'izy ireny:*

Izay tamin'ny alàlan'ny vavan'i Davida mpanomponao . . . no nilaza, . . .

121 Diniho ankehitriny, handeha hiverina ianao, hanao hoe, "Ankehitriny, isika tsy ny . . ." Ankehitriny mandehana ianao any ka lazao hoe, "Eny, ankehitriny, Tompo, ankehitriny andraso iray minitra eto. Tena maneso ahy betsaka loatra izy ireo!" Tsy niteny ve Izy fa hanao an'izany izy ireo?

"Izay rehetra miaina am-pahamasinana ao amin'i Kristy Jesosy dia hiharitra fanenjehana."

"Eny, fantatrao, niteny tamiko ny mpampiasa ahy fa raha mahatratra izy . . ." Tsy nilaza ve izy ireo fa hiteny an'izany izy ireo? "Eny, fantatrao, nentin'izy ireo teo amin'ny fitsarana aho indray andro, mikasika an'Izany."

122 Tsy nilaza ve Izy hoe, "Ho entina eo anatrehan'ny mpanjaka sy mpanapaka ianareo, nohon'Ny Anarako. Aza mihevitra an'izay ho lazainareo, satria tsy ianareo no hiteny"? Nahita an'izany nitranga aho omaly. "Izany no Fanahy Masina izay mitoetra ao anatinareo; Izy no hanao ny fitenenana." Hitanareo, "Izy." Marina izany. Eny àry. "Aza mihevitra an'izay ho lazainareo."

Tompo, tamin'ny . . . *Izay tamin'ny alàlan'*ny . . . *vavan'i Davida mpanomponao* no *nilazanao hoe, Nahoana no nitabataba ny* mpanompo sampy*, ary nisaina* ny zava-*poana ny olona?*

Ireo mpanjakan'ny tany nitsangana, ary ireo mpanapaka . . . niara-niangona hanohitra ny Tompo, sy hanohitra ny Kristiny.

. . . an'ny fahamarinana, Tompo, *hanohitra ny zanakao masina dia Jesosy, izay* efa *nohosoranao,*

hatramin'i Heroda, sy Pontio Pilato, niaraka tamin'ireo Jentilisa, sy ny olon'ny Isiraely, . . . dia niara-niangona,

Mba hanao izay efa *notendren'ny tànanao sy ny sainao taloha mba ho vita.*

Oh, oadray! Tiako izany. "Tompo, manao fotsiny an'ilay tena zavatra izay Nolazainao fa hataony izy ireo." Inona no nolazain'ny Baiboly? "Amin'ny andro farany, dia hisy mpaniratsira; kiriana, mpieboebo, tia ny fahafinaretana mihoatra nohon'ny fitiavana an'Andriamanitra; mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po, tsy tia ny tsara; manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà . . . " Tsy niakatra tany mihitsy izy ireo ka nandray ny Hery: " . . . aorian'ny ahatongavan'io Fanahy Masina io eo aminareo." "Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny heriny: ireny koa dia alaviro." Izany no Fanahy Masina. Hitanareo?

. . . izay efa *notendrena . . . mba ho vita.*

. . . ankehitriny, Tompo, indro ireo fandrahonany: ary—ary ekeo ho an'ny mpanomponao, mba amin'ny fahasahiana rehetra anie izahay *no hiteny ny teninao,*

Oh, tiako izany! Esory io taolan'akoho antitra io, ka asio tena taolan-damosina iray ao anatiny ao. Diniho eto ankehitriny.

. . . anie izahay no hiteny ny teni*nao,*

*Amin'ny faninjirana ny tàna*nao *hanasitrana; . . .*

Oh, rahalahy! Tsy maty ireo demony, fa ny Fanahy Masina ihany koa dia tsy maty. Hitanareo?

*. . . faninjirana ny tàna*nao *hanasitrana; . . . ka ireo famantarana sy fahagagana anie hatao amin'ny anaran'i Jesosy zanakao masina.*

Hitanareo hoe inona no nifamalian'izy ireo, sa tsy izany? Manao an'ilay zavatra iray ihany izy ireo amin'izao andro izao, saingy tsy manao soa mihitsy izany na kely aza.

Ary rehefa nivavaka izy ireo, dia nihovitrovitra ny trano izay niangonan'izy ireo niaraka; ka feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ary . . . nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fahasahiana.

123 Fioo! Oadray! Nahazo zavatra izy ireo rehefa niakatra tany, sa tsy izany? Ny teny fikasana no nilaza fa izany no Fanahy Masina, mba hanome anareo fahasahiana, hanome anareo fiononana, hanisy tombokase anareo, hanome anareo famantarana iray. Oh, oadray!

124 Henoy. Oh, maniry fotsiny aho mba hananantsika fotoana, afaka mandeha midina miaraka amin'i Filipo nankany amin'ireo Samaritana isika. Ao amin'ny Asa 8:14; ianareo rehetra izay mandray naoty an'izany. Efa nanana fifaliana lehibe izy ireo, efa

nanana fanasitranana lehibe, saingy efa natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy ireo. Fa naniraka nankany Jerosalema izy ireo, mba haka an'i Petera; tonga izy ary nametra-tànana teo amin'ireo, dia nandray ny Fanahy Masina izy ireo. Asa 8:14.

125 Ireo Jentilisa, nisy anankiray tamin'ny anarana hoe Kornelio. Lehilahy mahafinaritra iray izy, nandoa ny ampahafolony, nanorina synagoga ho an'ny olona, nanaja an'Andriamanitra, natahotra an'Andriamanitra; lehilahy tsara iray, Presbyterana tsara, Metodista, Batista, na zavatra hafa iray, hitanareo, tena lehilahy tsara iray. Saingy indray andro, hoy Andriamanitra hoe, "Lehilahy tsara iray izy; noho izany dia haniraka azy fotsiny ho any amin'ny fivoriana iray Aho. Ho Entiko eto ny mpitory teniko ka hiteny aminy mikasika an'Izany." Eny àry.

Noho izany dia nahita fahitana iray izy, nanao hoe, "Mandehana midina mankany Jopa, dia hahita anankiray ianao any antsoina hoe Simona, mpandon-koditra iray. Ary misy anankiray any, Simona Petera, ao anatiny ao. Aoka izy ho tonga eto; izy no hiteny aminao an'ilay fomba, satria nahazo zavatra iray izy."

126 Ary raha mbola nitsangana teo i Petera . . . Ary saika hivavaka tamin'io mpitory teny io i Kornelio. Izany izy. Saingy hoy i Petera hoe, "Mitsangàna. Olona tahaka anao ihany aho."

"Ary raha mbola niteny an'ireo Teny ireo i Petera," ny amin'ny hoe ahoana no nandehanan'izy ireo, tany amin'ny voalohany tamin'ny . . . Ireo zavatra iray ihany izay noresahako, hoe ahoana no nampanantenan'Andriamanitra handatsaka ny Fanahy Masina. "Raha mbola niteny an'ireo Teny ireo izy, dia nilatsaka tamin'izy ireo ny Fanahy Masina." Fioo! Hia. Izany no Fanahy Masina, ho an'izay nandefasana Azy. Azo antoka. "Ary feno ny Fanahy Masina izy ireo."

127 Mariho ankehitriny ao amin'ny Efesiana, nisy rahalahy Batista iray tany. Olon'ny lalàna iray izy aloha, mahay, lehilahy manan-tsaina, nahafantatra ny lalàna; lehilahy malaza, nianatra iray. Indray andro dia namaky ny Baiboly izy, ary hitany fa hisy anankiray ho avy amin'ny anarana hoe ny Mesia. Ary rehefa nanao an'izany izy, nahoana, dia nanomboka nandre ny amin'ity Jesosy ity, ka hoy izy hoe, "Resy lahatra aho. Ary manambara miharihary ny finoako aho fa Jesosy no ilay Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra." Tena Batista iray izy. Indro tonga izy, "Manambara miharihary aho fa Jesosy no ilay Kristy." Tsy maintsy nanao betsaka an'izany izy hany ka niantso azy tao amin'ilay asam-panompoana Andriamanitra. Hiresaka amin'ny fo marina iray foana Andriamanitra.

128 Ary nisy mpanao tranolay antitra kely tany amin'ny anarana hoe Akoila sy Prisila, vady lahy iray sy vady vavy. Mpanao tranolay izy ireo. Asa ny toko faha-18, no miteny aminareo

mikasika an'izany. Paoly, sakaizan'izy ireo izy. Efa nahazo ny Fanahy Masina izy ireo teo ambanin'ny tànan'i Paoly sy ny fampianarany.

Nandre izy ireo fa nisy fifohazana iray tany, noho izany dia nandeha nankany izy ireo. Nisy teo amin'ny folo na roa ambin'ny folo teo fotsiny no nanatrika an'izany. Noho izany dia nandeha tany izy ireo mba hijery an'izany, ary nandre an'io mpitory teny io nitory teny izy, ilay fahatsoran'ny fony. Hoy izy hoe, "Fantatrareo, mino aho fa hihaino ny Fahamarinana izy."

Noho izany rehefa avy nifarana ny fotoana, dia niantso azy tao ambadik'ilay tranolay izy, ka nanao hoe, "Jereo, manana rahalahy kely saiky tahaka an'izao ny halavany isika, Jiosy mifaingoka orona kely iray, ary, saingy rehefa tonga izy, dia izy no hampianatra anareo ny Tenin'Andriamanitra, mazava." Eny, afaka kelikely . . .

129 Tany an-tranomaizina i Paoly tamin'io fotoana io. Toerana mahatsiravina ho an'ny mpitory teny moderina iray, sa tsy izany? Saingy tany an-tranomaizina izy, ary ny Tompo no nanao azy tao. Noho izany taorian'ny nahatongavan'ny horohoron-tany, nanozongozona an'ilay tranomaizina, dia nentiny ilay mpiandry ny tranomaizina sy ny ankohonany ka nataony batisa izy rehetra, tamin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, dia niainga, nandeha nankany.

Ary vao avy nandroaka devoly izy tamin'ny zazavavy kely, antitra iray teo izay nanao hatsarana. Ary, noho izany, dia nahazo vola betsaka tamin'ny alàlany izy ireo, koa nahariharіny mihitsy ny hafetsen'izy ireo, koa dia nataon'izy ireo tao an-tranomaizina izy noho izany. Ary nohozongozonin'ny Tompo ilay tranomaizina, satria nanana andian'olona iray izy tany hihaino ny Fahamarinana. Tsy afaka mamatotra ny Tenin'Andriamanitra ianareo. Misy . . . Tsy mampaninona na inona, tsy afaka ianareo. Tsy afaka manao an'izany fotsiny ianareo.

130 Noho izany dia tonga teo amin'izay nisy an'io lehilahy io izy. Ary Akoila sy Prisila, angamba nanana mofo misy hena sasantsasany izy ireo. Ary vao avy nohanina avy hatrany mihitsy ireo mofo misy hena, dia hoy izy ireo, "Handeha ho any amin'ilay fifohazana isika."

Nipetraka teo i Paoly ary nihazona ny akanjo keliny, ka nihaino an'io mpitory teny Batista io nitory teny.

Hoy izy hoe, "Tsara izany, izay notorianao, saingy misy zavatra ambonin'Izany." Hoy izy, "Te-hametraka fanontaniana iray aminao aho, Dr. Apolosy. Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianareo?"

"Oh," hoy izy, "tsy fantatray fa nisy izany. Inona no tianao ho lazaina, ny amin'ny hoe 'ny Fanahy Masina'? Batista izahay."

Hoy izy, "Ahoana no ahafantaranareo fa Batista ianareo?" Hitanareo?

"Eny, natao batisa izahay. Ny batisan'i Jaona irery ihany no fantatray."

Hoy izy hoe, "Nanao batisa ho amin'ny fibebahana fotsiny ihany izy, nilaza mba 'hino Azy izay ho avy,' izany hoe Jesosy Kristy."

Ary rehefa nandre an'izany izy, dia natao batisa izy ireo teo, tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Ary nametraka ny tànany teo amin'izy ireo i Paoly, ka tonga teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina, ary niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy naminany izy ireo. Hoy izy, "na iza na iza," ankehitriny.

131 Ankehitriny dia ahoana no anaovantsika an'izany? Te-hiteny zavatra aminareo aho, avy eo aho. . . Hamarana isika, satria, izao dia, niteny taminareo aho fa hamela anareo hivoaka aloha. Fantatrareo hoe inona ny Fanahy Masina. Fa ny Soratra farany ho an'izao hariva izao. . . Manana andiany hafa iray aho eto, saingy tsy maintsy havelantsika izany. Ndao isika hamadika ao amin'ny Korintiana Voalohany 12. Ary avy eo dia hamaky an'izany isika, ary avy eo isika dia—hamarana isika. Eny àry. Korintiana Voalohany, ny toko faha-12.

Firy no mino ny fampianaran'i Masindahy Paoly? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Azo antoka! Nilaza izy, ao amin'ny Galatiana 1:8 hoe, "Raha Anjely iray no nampianatra zavatra hafa, dia aoka izy ho voaozona," mainka fa mpitory teny iray. "Raha nidina avy tany An-danitra ny Anjely iray ka nampianatra zavatra hafa, dia aoka izy ho voaozona." Hitanareo, tsy misy idiranareo amin'izany.

132 Diniho ity ankehitriny, Korintiana Voalohany 12. Firy—firy no mahafantatra fa tsy maintsy ao amin'i Kristy isika mba handehanana ao amin'ny fitsanganana, satria izany dia Ny Vatany izay nampanantenain'Andriamanitra hatsangana? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy misy fomba hafa. Tsy misy fomba hafa, raha any ivelan'i Kristy ianareo.

Mety mijery *eto* aoriana eto ianareo ka mino Azy, manao hoe, "Azo antoka, mino Azy aho. Izy no Zanak'Andriamanitra." Tsara, ry rahalahiko, vonona ny handray ny tànanareo aho rehefa milaza an'izany ianareo. "Mino Azy aho. Hanambara Azy ho Mpamonjiko aho." Tsara izany, saingy tsy mbola ao Aminy foana ianareo. "Handray tànana an'ireo mpitory teny aho. Hiaiky ny fahotako aho." Tsy mbola ao Aminy foana izany.

133 Diniho ankehitriny, jereo izay nolazain'i Paoly, hoe ahoana no idiranareo ao amin'i Kristy. Ahoana no hahafantarana anareo ho araka ny famorana? Abrahama, nanome famantarana iray izy ireo. Henoy ity ankehitriny, Korintiana Voalohany, toko faha-12, ary ndao isika hanomboka amin'ny andininy faha-12.

> *Fa tahaka ny tena iray ihany, nefa* manana *rantsana maro, sy ny rehetra . . . rantsan'io tena iray io, na dia maro aza, dia tena iray ihany: dia toy izany koa Kristy.* (Tsy voazarazara. "Iray!")

Henoy. "Fa tamin'ny fiangonana iray ve"? Firy no mamaky manaraka ahy? "Tamin'ny fandraisan-tànana iray ve"? "Tamin'ny rano iray ve"? Tsia. Noho izany dia diso ny olona iray.

"Tamin'ny Fanahy iray!" Sora-baventy iray ve ilay izy? Izany hoe, "Fanahy Masina," raha izany. Hitanareo?

> *. . . tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra ho tena iray, na Jiosy isika na Jentilisa, na andevo isika na afaka; ary isika rehetra dia nampisotroina ny Fanahy iray.*

134 Ny Vatan'i Kristy dia Fanahy iray, izay misy ny rantsana rehetra, nanomboka tamin'ny Pentekosta ka hatramin'izao fotoana izao, misotro avy amin'ilay Divay vaovao iray ihany, ilay Fanahy Masina iray ihany, mitondra an'ireo vokatra iray ihany. Ahoana no anaovantsika an'izany? "Amin'ny Fanahy iray."

Varavaran'Andriamanitra misokatra Izany, ny Fanahy Masina. Inona Izany? Varavaran'Andriamanitra misokatra Izany. Famantarana iray Izany. Tombokase iray Izany. Mpampionona iray Izany. Solovava iray Izany. Antoka iray Izany. Fitsaharana Izany. Fiadanana Izany. Fahatsarampanahy Izany. Fanasitranana Izany. Fiainana Izany. Izany dia—varavaran'Andriamanitra misokatra ho amin'ireo zavatra rehetra ireo Izany. Varavaran'Andriamanitra misokatra mankany amin'i Kristy Izany, izay manana . . .

Noporofoin'Andriamanitra fa Izy no nanangana an'i Jesosy tamin'ny maty, ary ireo izay maty ao amin'i Kristy dia ho entin'Andriamanitra miaraka Aminy amin'ny fitsanganana. "Aza mampalahelo ny Fanahy Masina izay nanisiana tombokase anareo tao amin'i Kristy hatramin'ny andro fanavotana anareo." Fioo! Firy no mino an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

135 Inona Kristy? Inona ny Fanahy Masina? Izany dia tsy zavatra iray ihomehezan'ny olona. Izany dia zavatra iray izay ihomehezan'ny olona; fa tsy izany ilay izy, ho an'ny mpino.

Ho an'ny tsi-mpino! Maniry aho ny hanana herinandro lava roa na telo, tiako ny haka ny rahampitso hariva ka hiteny aminareo hoe inona Izany ho an'ny tsi-mpino. Mamelà ahy handalo fotsiny, fotoana vetivety fotsiny. Fihomehezana iray Izany. Fandrika iray Izany. Vato manafintohina iray Izany. Fahafatesana iray Izany. Fisarahana iray Mandrakizay amin'Andriamanitra Izany. Tsy afaka mieritreritra fotsiny an'ireo zavatra izay maha-izy Azy amin'ny tsi-mpino aho!

136 Tsarovy, ilay ranonorana iray ihany izay esoin'ilay tsi-mpino, no ilay ranonorana iray ihany izay namonjy an'i Noa sy ny ankohonany. Hitanareo? Ilay Fanahy iray ihany, Fanahy Masina izay esoin'ny olona sy lazainy fa "adala, ary andiambilao, fahararian-tsaina Izany," Izany ilay zavatra iray ihany izay Hampakatra ny Fiangonana ka hitondra Azy hiakatra amin'ny andro farany; hitondra fitsarana eo amin'ilay tsi-mpino. Marina izany. Izany no Fanahy Masina.

137 Sambatra ireo izay . . . Afaka milaza an'izao aho, amin'ny fahatsoran'ny foko. Sambatra ireo izay noana sy mangetaheta an'Izany, fa izy ireo no hofenoina.

138 Rahampitso hariva isika dia hiresaka ny amin'ny hoe ahoana, inona no Ataony rehefa tonga Izy.

139 Ankehitriny, firy ato ho te-hahazo ny Fanahy Masina, ka mila olona iray hivavaka ho anareo, mba hahitanareo an'ilay Hazavana?

Fantatrareo hoe "inona Izany."

Ankehitriny, rahampitso hariva, dia horaisintsika hoe, "inona no Ataony."

140 Ary avy eo ny hariva manaraka, dia, "ahoana no hahazoana Azy." Avy eo isika dia hiantso, hanome toro-marika an'ireo olona eto, ary hiditra avy hatrany ao amin'ireo efitra ka hijanona ao, raha mila ny Krismasy rehetra izany, marina izany, mandrapahatongan'ny Fanahy Masina. Hanatona an'Izany avy amin'ny fototra mafy iray, ara-Baiboly isika. Hanatona an'Izany isika ary handray an'Izany tahaka ny nampanantenan'Andriamanitra Azy mihitsy, sy ny Nilatsahany tany amin'ny voalohany. Izany no maha-eto antsika hanaovana azy. Izaho . . . Izany dia tsy manao fahasamihafana amin'izay lazain'ny zavatra iray, isika no . . .

Ny Tenin'Andriamanitra dia . . . no loha-laharana ao ampoko. Marina izany. Ary mila an'izay ananan'Andriamanitra ho ahy aho. Raha mbola misy zavatra amboniny, dia sokafy ny Lanitra, Tompo, satria ny—ny foko dia misokatra ho an'izany. Marina izany.

141 Firy no mila an'Izany? Atsangano ny tànanareo ankehitriny, manaova hoe, "Mivavaha ho ahy." Ankehitriny, raha mbola maharitra ianareo, miaraka amin'ny tànanareo mitsangana.

Ray any An-danitra, nampianatra elabe izahay. Fa eto Ny Fanahinao. Misy tànana izay mitsangana ambony ankehitriny. Ary fantatr'izy ireo hoe inona Izany, fantatr'izy ireo hoe inona no dikan'ny Fanahy Masina. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba mialohan'ny hifaranan'ity fivoriana ity, mba hitsangana ny tànana rehetra fa nahazo Azy izy ireo. Ekeo izany, Tompo.

142 Mivavaka ho azy ireo izahay. Mangataka Anao izahay mba hitahy azy ireo, sy hanome azy ireo ny fanirian'ny fony. Jereo ireo tànany, Tompo. Tia Anao izy ireo. Mila an'Izany izy ireo.

Fantatr'izy ireo fa tsy afaka mandeha izy ireo. . . Rahampitso hariva, raha hanampy ahy Ianao, Tompo, dia afaka manaporofo an'izany ao amin'ny Soratra izahay fa tsy ho tonga amin'ny Fampakarana mihitsy izy ireo raha tsy manana an'Izany. Noho izany dia mivavaka aho, Ray, mba Hanomezanao azy ireo ny hanoanana sy ny hetaheta, mba hahafahan'izy ireo ho fenoina. Atolotro Anao izy ireo ankehitriny, Ray. Ary, ekeo ireo fitahiana ireo, raha mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

143 Te-hilaza an'izao aho alohan'ny hihirantsika indray. Te-hihaona amin'ny andiana mpitoriteny iray aho ato amin'ny efitra ato, amin'ny Zoma hariva, alohan'ny anombohan'ny fotoana, hitanareo, amin'ny Zoma hariva. Izaho. . .

Hitanareo ve izay ezahako hatao? Haneho hoe inona Izany, ahoana no hanatonana Azy sy inona no hajaina; amin'izay fotoana izay dia tsy ho tonga am-pahajambana ianareo, mikapoka amin'ny zavatra iray. Izany no antony tsy nangatahako an'ilay izy izao hariva izao. Tiako ho fantatrareo hoe inona Izany. Teny fikasana iray Izany. Tombokase iray Izany. Ny Mpampionona Izany. Sy ny sisa Izany.

Noho izany, rahampitso hariva sy ny hariva manaraka, avy eo dia hanohy avy hatrany eo isika, manomboka eo, mandra-pahatongan'Izany. Tsy ahoako na hafiriana no ilain'izany; hijanona isika mandra-paha. Diovy ny fonareo. Tsy handatsaka an'Izany ao anatin'ny fo tsy madio iray mihitsy Izy. Aoka hahitsy, aoka ho vonona, dia hanaiky an'izany Izy.

Tiako Izy, tiako Izy (ndao isika hanangana ny tànantsika ankehitriny)
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

Vao avy nilaza ny pasitera, ary manaiky isika, fa rahampitso hariva dia hanomboka amin'ny fito raha tokony amin'ny fito sy sasany. Ary izany dia hamela ahy hamoaka anareo amin'ny valo sy sasany raha tokony amin'ny sivy sasany. Amin'ny fito sy sas-. . . Amin'ny fito marina, rahampitso hariva, no hanomboka ny fotoan'ny hira. Ho eo amin'ny Hafatro aho amin'ny fito sy sasany.

Tiako Izy,

Ndao isika hamoaka ny mosarantsika ka hanofahofa ho Azy.

Tiako Izy

Ravao fotsiny ilay firehana ara-pototra ankehitriny!

Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

Eny àry, ny pasiteranareo ankehitriny, Rahalahy Neville.

Inona Ny Fanahy Masina? MAG59-1216

(What Is The Holy Ghost?)

Ny Fanahy Masina tohiny

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alarobia hariva, 16 Desambra 1959, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2017 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings

P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.

www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org